
# Herinandro Fiaraha-Mivavaka

01—08 Nôvambra 2014

## Ny Fomba Fiasan'i Kristy Irery Ihany

### Manompo ny hafa toy izay nataon' i Jesôsy



# Fiarahaban'ny filoha



Ao amin'ilay boky mahafinaritra mitondra ny lohateny hoe: "Tanamasoandron'ny fahasalamana" no misy ny anankiray amin'ireo andalan-teny malaza indrindra mikasika ny fomba tokony hanarahantsika ny ohatr'i Jesôsy: "Ny fomba fiasan'i Kristy ihany no hanome fahombiazana marina hahatrarana ny vahoaka. Nifangaro tamin'ny olona ny Mpamonjy toy ny anankiray izay nitady ny hahasoa azy ireo. Nasehony azy ny fangoraham-pony, nanompo teo amin'izay nilain'ireo Izy, ka nahazo ny fitokisany. Rehefa izany dia nibaiko azy Izy hoe: 'Manaraha Ahy'". (t. 87).

Ny mombamomba ny olona iray manontolo mihitsy no noheverin'i Jesôsy: ny ara-nofo, ny ara-tsaina, ny ara-piaraha-monina ary ny ara-panahy. Tiany isika raha hiroborobo sy hitombo amin'ny alalan'ny fifandraisantsika Aminy sy ny fanompoana ataontsika amin'ny hafa, amin'ny alalan'ny asa feno fitiavana sy fiheverana. Niasa ho an'ny olona teny amin'izay rehetra nisy azy ireo i Jesôsy: teny an-tanàn-dehibe, teny amin'ny vohitra samy hafa, teny an-dalana, tany an-tokantranony, teny akaikin'ny fantsakana, eny fa na dia teo amin'ny hazo fijaliana aza. Tsy natahotra ny handeha Izy na taiza na taiza no nisy fanahy tokony hovonjena.

"Ny fomba fiasan'i Kristy ihany", io no lohahevitry ny Herinandro Fiaraha-mivavaka amin'ity taona ity. Ho hitantsika mandritra izany fa tafiditra tao anatin'ny maro amin'ny asa nataon'i Kristy ny fanasitranana ary ny asa momba ny fahasalamana sy ny asa fanasitranana dia mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanatrarana ny hafa ho Azy. Manasa anao aho hiaraka Amiko amin'ity herinandro ity, raha hamaky ireto lahatsoratra voaomana tamim-pisainana lalina ireto ianao, mba hangataka amin'ny Tompo ny fomba hampiharana ireo fitsipika feno hery ireo hitaomana ny hafa ho Azy.

Raha mbola manan-janaka madinika ianao ao an-tokantrano ao (na koa mañkafy irony tantara mahafinaritra irony ianao), dia tsy tianao ianao ho diso anjara amin'ireo lahatsoratra voatokana ho an'ny ankizy, nosoratan'i Linda Koh, talen'ny Departemanta miadidy ny Ankizy eo anivon'ny Foibe Maneran-tany.

Hitahy antsika anie ny Tompo amin'izao fiarahantsika fianakaviam-ben'ny finoana maneran-tany izao mandinika ny Soratra Masina sy mivavaka mandritra ity Herinandro Fiaraha-mivavaka manokana ity, raha iny isika fa mampiasa ny fomba fiasan'i Kristy irery ihany ho fanafainganana ny fiaviany tsy ho ela intsony.

Ted N. C. Wilson
Filoha



Sabata Voalohany

# Miasa Tahaka an'i Jesôsy

AVELAO ANDRIAMANITRA HANAO ILAY FAHAGAGANA TANY KAPERNAOMY EO AMINAO

**Nosoratan'i Ted N. C. Wilson**

Tao an-tanànan'i Kapernaomy dia nisy lehilahy malemy tafalatsaka tanteraka tao anaty fikorontanan-tsaina, alahelo lalina, ary tsy manan-kery intsony. Tsy nanana fanantenana intsony izy ary very tanteraka ny finoany ny amin'ny mety mbola hahasitranany. Feno ngidin'ny fanenenana ny fiainany. Tsapany fa ny aretina izay mahazo azy dia vokatry ny fahotana. Aretina mampalahelo ara-batana, ara-tsaina, ara-piaraha-monina, ary ara-panahy no nahazo azy. Nanantena izy fa hampitonitony ny fijaliana mahazo azy ny mpitondra fivavahana. Kanefa mbola rava indray izany fanantenana izany rehefa nanambara tamin'ny fomba feno fanga-tsiahana ireto farany fa tsy azo sitranina intsony ny aretina mahazo azy. Isan'andro isan'andro dia mijaly ao anaty fanaintainan'ny aretina sy ny fanenenana izy.

Kanefa, tatỳ aoriana dia nandre ny amin'i Jesôsy izy. Henony fa nisy ny sasany, na dia mpanota be, tsy manan-kery intsony tahaka azy aza, mbola sitrana ihany. Nampahery azy ny namany ny amin'ny tokony hitondrana azy eo amin'i Jesôsy. Kanefa very ny fanantenany rehefa mitamberina ao an-tsainy ny fahotana nahatonga ny aretiny. Izay tena iriny indrindra dia ny fampitoniana ny amin'ny fatoran'ny fahotana. Naniry ny hahita an'i Jesôsy izy ary hahazo antoka avy Aminy fa voavela ny fahotany. Tsy misy fotoana natao holanilaniana – efa an-dalam-pahalovana ny nofony. Niangavy ireo namany izy mba hitondra azy ho eo amin'i Jesôsy, ary dia faly tokoa izy ireo hanome tanana azy amin'izany *(jereo Mar. 2:3)*. Mahafinaritra tokoa ny manana namana mihevitra ny ara-panahinao ka hanampy anao hahita an'i Jesôsy!

Rehefa tonga tao an-tranon'i Petera, izay toerana nampianaran'i Jesôsy ireto antokon'olona vitsivitsy ireto, dia nandalo fihaikana lehibe tokoa. Hitan'izy ireo fa tena feno olona tanteraka ny trano, ka tsy ho afaka handre akory ny Mpamonjy izy ireo. Imbetsaka izy ireo no nanandrana nanosika mba hahafahana mamakivaky ny olona, saingy very maina izany ezaka izany.

## Kivy fa tsy afaka hahita an'i Jesôsy

Kivy ilay lehilahy malemy. Amin'ny fomba ahoana no ahafahany manatona akaiky an'i Jesôsy, kanefa mbola tena lavitra azy tanteraka izy ankehitriny? Resy lahatra izy fa i Jesôsy irery ihany no hany fanantenany handraisany fiadanana sy famelan-keloka. Hanao ny fomba rehetra azo atao izy mba hahitany an'i Jesôsy.

Nanao drafitra maimaika teo izy. Niangavy ny namany ralehilahy mba hibata azy hiakatra eny amin'ny tafontrano.

Mitatitra amintsika ny Mark. 2:4 fa nanesoran'ny namany ny tafo. Alaivo sary an-tsaina ny hatairana nisy tao an-tranon'i Petera rehefa niraraka avy any ambonin'ny tafo ny vovoka sy ny poti-kazo. Izao no lazain'ny Soratra Masina: *"(...) ka nony efa voasokatra, dia nampidininy teo ny fandriana izay nandrian'ilay nararin'ny paralysisa."*

Indro fandriana iray midina tsimoramora avy any ambonin'ny tafo ho eo antongotr'i Jesôsy! Nojeren'i Jesôsy ny maso mitalaho mafy avy amin'ilay lehilahy malemy, tsy afa-mihetsika. Azony tsara ny zava-misy, satria i Kristy no nanome fanantenana ho an'ity olona ity. Niandry ny teny famelan-keloka avy amin'i Jesôsy ralehilahy. Lehibe loatra ny finoana nananany sy nananan'ireo namany – finoana nandeha namakivaky ny tafon-trano.

Teny sarobidy avy amin'i Jesôsy no voarakitra ao amin'i Mar. 2:5, manao hoe: *"Anaka, voavela ny helokao."* Feon-kira mireondreona tao am-poto-tsofin'ilay lehilahy malemy izany teny izany. Niala teo an-tsorony ny fatoran'ny fahakiviana. Azony ny fiadanan' ny famelan-keloka. *"Nekeny tamin'ny finoana tsotra ny tenin'i Jesosy izay nanolotra aina vaovao natao fanomezana ho azy. Tsy naniry zavatra hafa intsony izy, fa nitoetra teo tamim-pahanginana sady tretrika, sambatra loatra ka tsy afaka niteny. Nampamirapiratra ny endriny ny fahazavan'ny lanitra, ary feno tahotra sy fanajana ny vahoaka nanatrika izany."* - Ilay fitiavana mandresy, t. 275

Liana ny amin'ny maha-olona manontolo ny Tompo – ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy.



## Inona no moramora kokoa?

Nifampijery ireo mpitondra fivavahana feno fitiavan-tena, mahatsiaro ny nanaovan'izy ireo tsinontsinona ity malemy mahantra. Tao am-pony dia nanome tsiny an'i Jesôsy ho miteny ratsy izy ary nihevitra izy ireo fa fomba hahazoany manameloka an'i Jesôsy ho faty izao. Nibanjina azy ireo i Jesôsy, namaky izay tao an-tsainy, dia ho Izy taminy: *"Iza moa no moramora kokoa, ny manao amin'ilay mararin'ny Paralysisa hoe: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka mandehana? Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak'olona manana fahefana ety ambonin'ny tany hamela heloka, dia lazaiko aminao (hoy Izy tamin'ilay marain'ny paralysisa): Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao." – Mar. 2:9-10*

Nijoro tamin'ny tongony tamin'ny herin'ny tanora ralehilahy. Nikoriana tamin'ny lalan-drany ny ran'ny fiainana, ary namirapiratra teny aminy ny fahasalamana. Ny fitiavana mahagagan'i Jesôsy! Manasitrana ny fanamelohan'ny fahotana Izy ary manome fiainana vaovao!

Ilay hery manome ny fiainana no namerina tamin'ny laoniny teo no ho eo ity lehilahy ity. Ny fahasitranan'ny vatana tamin'ny alalan'i Kristy dia nampiharihary ny fahefan'i Kristy manavao ny fo.

## Betsaka no mitady izany

Betsaka ankehitriny ny malemin'ny tahotra sy horohoro ary ny fahamelohana. Mahatsiaro tena ho kivy sy tsy misy mpiraharaha izy ireny. Mitondra zioga mavesatra izy ireny ary mitady fitoniana. *"Hatraiza hatraiza anefa dia misy fo mitomany ta-hanatratra fetra ambony sy mendrika."* Hoy i Ellen White ao amin'ilay boky mahafinaritra hoe: *Ny Tanamasoandron'ny Fahasalamana, t. 106.*

*"Mangetaheta hery hanafaka azy izy; hery hoenti-manapaka ny fahotana, hery izay hanafaka azy amin'ny fanandevozan'ny ratsy, hery izay hanome azy fahasalamana sy fiainana ary fiadanana. Maro amin'ireo izay nahalala ny herin'ny Tenin'Andriamanitra fahiny no efa nivily satria voatariky ny tsy mpino, ary maniry indrindra ny fanatrehan'Andriamanitra indray izy ankehitriny."*

*"Ny ilain'izao tontolo izao dia izay nilaina sivinjato sy arivo taona lasa izay, dia ny fanehoana an'i Kristy. Misy asa fanavaozana manontolo takian'ny toetr' andro, ary amin'ny alàlan'ny fahasoavan'i Kristy ihany no mety ahavitana ny asa famerenana amin'ny laoniny ara-nofo, ny ara-tsaina ary ny ara-panahy."*

*'Ny fomba fiasan'i Kristy ihany no hanome fahombiazana marina hahatrarana ny vahoaka. Nifangaro tamin'ny olona ny Mpamonjy toy ny anankiray izay nitady ny hahasoa azy ireo. Nasehony azy ny fangoraham-pony, nanompo teo amin'izay nilain'ireo Izy, ka nahazo ny fitokisany. Rehefa izany dia nibaiko azy Izy hoe: "Manaraha Ahy."*

## Manaraka ny ohatra nomeny

Liana ny amin'ny maha-olona manontolo ny Tompo – ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy. Tiany ny hitomboantsika amin'ny alalan' ny ny fifandraisantsika Aminy sy ny fikarakarantsika ny hafa amim-pitiavana – amin'ny fanarahana ny ohatra nomeny. Niasa teo anivon'ny vahoaka ny Tompo na taiza na taiza nisy azy ireo – tao an-tanàna, tao anivon'ny tanàn-dehibe, teny amin'ny arabe rehetra teny, tao anivon'ny tokantranon'izy ireo, teny amin' ny fantsakana, eny, fa na dia teo ambonin'ny hazo fijaliana aza – Tsy natahotra ny handeha Izy na taiza na taiza nisy fanahy tokony hovonjena. Raha miasa araka ny fomba fiasan'i Kristy isika, dia hanao toy izany koa.

Nanatona ny vahoaka i Jesôsy. Mba ho fanatanterahana ny fiantsoana ara-pamininana nataon'Andriamanitra ho an'ny fiangonana sisa amin'ny andro farany, dia ilaintsika ny mandeha mizara ny vaovao mahafaly na aiza na aiza misy ny vahoaka, araka izay nataon'i Jesôsy.

Amin'izao vanim-potoana iainantsika izao dia maherin'ny 50 %-n'ny mponina no monina eny anivon'ny tanàn-dehibe. Mamelà ahy hanao izao antso izao aminao: *Aza mijery ny hamaroan'ny andraikitra tananao. Miangavy anao aho, miaraha miasa amin'ny fiangonanao amin'ity asa lehibe fanatrarana ny vahoaka eny anivon'ny tanàn-dehibe maneran-tany ity. Manaraha ny ohatry ny Tompo ary manatona ireo mila famonjena eny anivon'ny vahoaka. Miaraka amin'ireo vahoakan'Andriamanitra maneran-tany, ao anatin'ny lohahevitra manokana **"Asa eny anivon'ny tanàn-dehibe".***

Izao no fihaikana apetraky ny boky *Tanamasoandron'ny Fahasalamana* manoloana antsika: *"Tsy miova ny hafatra nomen' Andriamanitra tamin'ny lasa. Ny asa eny anivon'ny tanàn-dehibe no asa lehibe indrindra amin'izao fotoana izao. Raha mba niasana arak'izay nataon'Andriamanitra ireny tanàn-dehibe ireny, dia ho vokatra avy amin'ny hetsika lehibe tsy mbola fahita hatrizay no ho azo."* - Medical Ministry, t. 304.

Ry rahalahy sy anabavy, ilaintsika ihany koa ny mahita ity **"hetsika goavana"** ity. Andeha isika hianatra amin'ny fo, hivavaka, hanetry tena ary hitady ny fitarihan'Andriamanitra antsika, tahaka ny vahoaka mitalaho mafy ny firotsahan'ny ranon'orana faran'ny Fanahy Masina. Ary dia ho hitantsika ny fahatanterahan'ity "hetsika goavana" ity. Te hahita ny fiverenan'i Jesôsy isika. Leo ny mitoetra eto amin'ity tany ity isika. Ary mino amin'ny foko manontolo aho fa tena efa akaiky ny fiverenan'i Kristy fanindroany! Andeha isika hanaraka ny ohatry ny Tompo ary ho eny anivon'ny tanàn-dehibe hanatratra ny vahoaka na aiza na aiza misy azy ireny.

## Asa ilana ny momba ny maha-olona manontolo ary mamelombelona

Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika dia inoantsika ny foto-kevitra mahakasika ny maha-

olona manontolo, rehefa miasa amin'ireo manodidina antsika isika, amin'ny fomba tsotra sy mazava. Fotoana maro talohan' izao hetsika momba ny fahasa- laman'ny maha-olona manontolo izao, dia nanao fanambarana ilay Andriamanitra Mpamorona ny olombelona sy ny zavatra tsara rehetra misy eto an-tany fa tiany ny *"hahasalama antsika amin'ny lafiny rehetra"*. Tian'Andriamanitra anio ny hamelombelona sy hanavao antsika amin'ny alàlan'ny herin'ny Fanahy Masina. Tiany ny hahazoantsika fa zavaboary sarobidy, noforonina araka ny endriny, tamin'ny tanany ary nofofoniny fofon'aina isika.

Izany fahazoana ny momba ny "tena manontolo" izany dia mitarika antsika hahita ny fomba hahafahana manatona ny vahoaka – indrindra fa ireo izay eny anivon'ny tanàn-dehibe. Ao anatin'izany ireo ivon-toerana mahasintona, ny fiangonana, ny mambran'ny fiangonana, ireo tarika tanora mirotsaka amina tetikasa fanatrarana ny any ivelany; ny hetsika ara-pahasalamana isan-karazany sy ny fitori- ana momba ny fahasalamana; ireo ivon-toeram-pitsaboana; ireo boky ara-pahasalamana; ireo toeram-pisakafoana tsy mampiasa hena; ireo asasoratra momba ny filazantsara; ireo tarika madinika; ny asa fitoriana mitety isam- baravarana; ny asa soa sy ara-tsôsialy eny an- ivon'ny fiaraha-monina izay manaraka ny fomba fiasan'i Kristy *(Service Communautaire)*; ireo asa iandraiketan'ny ADRA; ny asa fitoriana avy amin'ny alalan'ny haino aman-jery; ireo ivon-toerana fanomezana torohevitra; ny fampianarana Baiboly ataon'ny mambra, ny tanora, ary ireo mpitory filazantsara; ny asa fitoriana ataon'ny ankizy, ataon'ny tena manokana, sy ny fijoroana ho vavolombelona; ny asa fitoriana eny anivon'ny vahoaka, ary ireo fomba hafa izay omen'ny Fanahy Masina. Mila Pasitora sy mpiasa ara-pahasalamana ary mambran'ny Fiangonana isika hifanome tanana amin'izany, araka izay voalazan'ny bokin' ny Fanahin'ny Faminaniana ao amin'ny *Blended Ministry.*

Ao amin'ny asasoratr'i Ellen White manuscript 117, tamin'ny 1901 dia izao no vakintsika: *"Ny mpitory ny filazantsara rehetra dia tokony ho voaomana hanao ny asa misiônera ara-pahasalamana. Ny asa misiônera ara-pahasalamana dia miara-miasa akaiky amin'ny asa fitoriana ny filazantsara amin'ny maha-tanana iray amin'ny vatana azy. Ny antony mahatonga ny fisalasalana amin'ny fampielezana ireo foto-kevitra ara-pahasalamana dia noho ny tsy fahavononana handà ny tena. Eny anivon'ny tanàn-dehibe dia tsy maintsy miara-dalana amin'ny asa misiônera ara-pahasalamana ny fitoriana ny filazantsara. Hanokatra varavarana izany hidiran'ny fahamarinana."*

Miantso antsika ihany koa ny Tompo mba hamelona tanteraka indray ny asa misiônera ara-pahasalamana eny anivon' ny tanàn-dehibe maneran-tany. Ilaintsika ny fiaraha-miasa avy amin'ireo fikambanana ara-pivavahana sy ny fanohanan'ny mpitory filazantsara ho fanatrarana ny vahoaka eny anivon'ny fiaraha-monina sy ho famonjena fanahy eny amin'ny tanàndehibe sy manerana izao tontolo izao.

Fony i Kristy niasa teo anivon'ny vahoaka teny amin'ny tanàn-dehibe, dia tena nazoto tokoa *"nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nanasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra." - Mat. 9:35.* Nampianatra ary naneho ny fomba hananana "fahasalamana amin'ny fomba rehetra" Izy. Nampahery ny vahoaka Izy ary nanambara fa nisafidy ny hanana fiainana amin'ny fahafenoany. Avy eo dia nalefany **"hitory amin'izao tontolo izao"** izy ireo.

## Hetaheta lehibe

Manazava ny Mat. 9:36 fa rehefa nahita ny vahoaka i Kristy dia onena azy ireo satria *"nampahantraina izy ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy Mpiandry"*. Ankehitriny ity izao tontolo izao ity dia reraka sy torovana tanteraka. Misy hetaheta lehibe ho amin'izay tena marina sy mafy, izay

hitondra fiadanana sy fiarovana, izay hampiray ny vahoaka tahaka izay ataon'ny mpiandry ondry amin'ny andian'ondry. Miantso anao i Kristy anio mba hisafidy ny fiainana feno ao Aminy, mba ho salama amin'ny lafiny rehetra amin'ny alalan'ny fiorenana ao amin'ny Fanahy Masina ka hahatonga antsika ho Mpiandry ireo ondry miparitaka any ivelany.

Miantso antsika Andriamanitra mba hamonjy ny laharan'ireo tarika lehibe, miray, mifangaro: vondron'ireo mpanaradia nandray ny hosotra mba haneho fitiavana amin'ireo izay reraka sy torovana tanteraka, potika ara-batana sy ara-panahy. Lehibe ny filàna, kanefa vitsy ireo afaka manome tanana. Manambara i Kristy ao amin'ny Mat. 9:37,38 *fa be ny vokatra, fa vitsy foana ny mpiasa.* Koa ilaintsika ny mangataka amin'ny Tompo mba handefasany mpiasa hamory ny vokatra.

Vonona va ianao, tahaka ny naman' ilay lehilahy malemy, mba hiasa hitondra ny hafa ho eo amin'i Kristy? Manolo-tena va ianao handroso na inona na inona mety hitranga? Vonona va ianao hanaiky ny antson'i Kristy ny amin'ny hanananao fahasalamana amin'ny lafiny rehetra? Manao ahoana ny faharetanao? Vonona va ianao hamela ny Fanahy Masina hitondra fifohazana sy fanavaozana eo amin'ny fiainanao mba hahatonga anao ho vonona hiasa tahaka an'i Jesôsy?

Ho avy tsy ho ela ny Tompo! Manasa anao aho izao ankehitriny izao, eto am-panombohana ity Herinandro Fiaraha-mivavaka izay mifantoka amin'ny lohahevitra manao hoe: "Ny Fomba Fiasan'ny Tompo Irery Ihany" ity mba hanokana ny tenanao ho Azy ary mba ho vonona handeha na aiza na aiza iantsoany anao, ary ho vonona hanao izay rehetra ampanaoviny anao, amin'ny fanatrarana ny hafa ho Azy.■



**TED N. C. WILSON** FILOHAN'NY FOIBEN'NY FIANGONANA ADAVNTISTA MANERAN-TANY. MIAINA MIARAKA AMIN'NY VADINY ANY MARYLAND ETAZONIA

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Eritrereto hoe iray amin'ireo naman'ilay lehilahy malemy voalaza ao amin'ny Marka 2 ianao. Ho vonona va ianao hanisy lavaka eo amin'ny tafo sa hilaza hoe tsy misy heviny izany? Manao ahoana no tokony ho toetran'ny namana mahatoky amin'ny vahoaka manodidina antsika?

2. Eritrereto ny momba ireo vahoaka miaina eo anivon'ny fiarahamonina misy antsika sy ireo mpiray vodirindrina amintsika. Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao manatratra azy ireny amin'ny alalan'ny fampiharana ny fomba fiasan'i Kristy irery ihany amin'ny fomba tsotra? Zarao amin'ny hafa ao amin'ny fiangonana misy anao ny hevitrao.

3. Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao miasa amin'ny hafa raha isika aza mahatsiaro ho tsy sahy hiatrika ny fiainana? Ahoana no ahafahan'ny fomba fiasan'ny Kristy manova ny fifandraisantsika amin'i Jesôsy ary mamerina manamboatra indray ny fomba fiheverantsika ny asa?



Alahady

# Manao ny Fanandraman'ny Herin'ny Finoana

MANANA TOERANA HO ANAO
NY EFITRANO MANAN-DAZAN'NY LANITRA

## Nosoratan'i Mark A. Finley

Efa 25 taona lasa izao no nanaovan' ny manam-pahaizana mpikaroka fanadihadiana lalindalina kokoa momba ny fifandraisana misy eo amin'ny finoana sy ny foto-pinoan'ny fiangonana. Ny finoana dia mampisy fahasamihafana tsara eo amin'ny ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pihetseham-po. Na dia mbola mitohy mandra-kankehitriny aza ny fanadihadiana, na dia efa betsaka aza ny zavatra fantatsika momba ny finoana dia mbola tsy manana ny valinteny tanteraka isika. Ireo Oniveriste fanta-daza, ny sampam-pikarohana momba ny fahasalaman'ny vahoaka, ary ireo sampandraharaha ara-pahasalamana tsy miankina amin' ny fanjakana dia samy tonga amina tsoa-kevitra mitovitovy avokoa. Ny drafitra ara-pinoana mafy dia mety ho fanorenana mafy ho amin'ny fivoaran'ny fahasalamana.

Ireto misy ohatra roa manokana entina maneho izay nentin'ny fatran'ny fanandramana ara-panahy teo aminao:

Ny fanadihadiana izay natao tany Kalifôrnia dia naneho fa ho an'ireo mpino izay mandray anjara mavitrika amin'ny asa fanohanana ny fiangonana dia tsy mba mora andairan'ny rarintsaina ara-bola, ara-pahasalamana na ireo olana mpahazo amin'ny fiainana andavanandro, mihoatra amin'ireo tsy manana fanandramana ara-panahy. Ny fanadihadiana hafa dia naneho fa ny fanandramana ara-panahy dia manampy amin'ny fampihenana ny tahan'ny famonoantena, ny fisotroana zava-pisotro mahamamo toy ny alikaola, ny fidorohana zava-mahadomelina, ny famonoana olona ary ny fisaraham-panambadiana. Araka ny fanadihadiana natao tany amin' ny Oniversiten'i Kôlombia kosa dia mihena 60% ny tahan'ny mety ahazoan'ireo reny manana fianam-bavaka ny aretin'ny fikorontanan-tsaina, mihoatra amin'reo reny tsy dia mivavaka loatra. Ny fanadihadiana hafa dia naneho fa ho an'ireo zanakavavy mitovy finoana amin' ny reniny dia mihena 71% ny tahan'ny mety hahazoan'izy ireo toetra manjoretra lava, raha mihena any 84% any ho any izany eo amin'ny zanakalahy. Araka ireo vokatry ny fanadihadiana natao ireo sy ny hafa mitovitovy aminy dia mitovitovy avokoa ny tsoakevitra noraisin'ireo mpanao siansa izay milaza fa ny fitaizana ara-pinoana mafy orina dia anisan'ny fototra ho amin'ny fahatsaran'ny fahasalamana.

### Mampisy fahasamihafana ny finoana

Andeha hofantarina ny amin'ny finoana tena marina ara-Baiboly. *"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."* – Heb. 11:1. Ny finoana dia manantena amin'ny maha- *"fahatokiana ny zavatra antenaina azy"*. Kanefa ny finoana koa dia mitady, mikaroka satria voalaza fa "fanehoana ny zavatra tsy hita" izy.

Ny finoana dia fahatokiana fa Andriamanitra dia tsy maintsy hanatanteraka ny nofinofintsika rehetra. Ny finoana dia mino fa Andriamanitra dia hanome hery antsika hahafahana mandresy ny olana rehetra ary hihoatra ireo sakantsa-

kana mandra-pahatongan'ny fotoana handraisantsika ny valisoa ao amin'ny Fiainana mandrakizay.

Toy izao ny fanazavana omen'i Ellen White mikasika ny finoana ara-Baiboly: «Ny finoana dia midika fahatokiana – mino fa tia antsika Izy ary mahalala izay mahasoa antsika." Araka izany, ny finoana dia manome hery ny momba antsika manontolo ary mampahery ny fontsika. Manavao ny fanantenantsika ny finoana. Manandratra ny vinantsika avy amin'ny "tokony" mankany amin'ny "azo" ny finoana. Mino ny Teny Fikasana avy amin'Andriamanitra ny finoana, mialoha ny hahatanteraka azy. Ny finoana dia fahasitranana.

## Olo-malazan'ny lanitra

Izy ity dia karazana finoana izay nanampy ireo mahery fon'ny Testamenta Taloha niatrika ireo karazana fihaikana ary nijanona ho mahatoky tamin'Andriamanitra. Abela, Enôka, Nôà, Abrahàma, Jakôba, Josefa, Mosesy ary ireo mahery fo voatanisa ao amin'ny Hebreo 11 dia nanana zavatra iray nitambarana: finoana – finoana izay nihazona sy nanohana azy ireo nandritra ny androm-piainany.

Ny Hebreo 11 dia manao ny lisitr'ireo mahery fon'ny finoana nandritra ny taonjato nifandimby. Ny anaran'izy ireo dia voarakitra ao amin'ny firaketana ny anaran'ireo olo-malazan' ny lanitra.

Mahagaga ny fanambarana fa ny ohatry ny finoana voalohany dia olona maty. Tsy misy fanafahana tamin'ny fomba mahagaga niseho teto: *«Finoana no nanateran'i Abela ho an'Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an'i Kaina, ka izany no nanambarana azy fa marina, satria Andriamanitra no nanambara ny amin'ny fanatitra nataony: ary amin'izany, na dia maty aza izy, dia mbola miteny ihany»*. (and. 4).Milaza amintsika ny Baiboly fa olo-marina i Abela, ary niteraka fahafatesana ho azy ny finoany. Raha tsy nanam-pinoana izy dia azo ninoana ny nety ho nahavelomany. Tsy nanam-pinoana i Abela, ary dia velona izy. I Abela nanam-pinoana ary dia maty izy. Mety ho hafahafa izany teny izany ho an'ny olona tsy dia mahazo loatra ny amin'ny atao hoe finoana marina. Tsy voatery hitovy fiafarana mandrakariva amin'ireny tantara an-tsara ireny ny finoana, fa ny tena finoana dia misongadina tsara eo amin'ny toerana misy azy.

Andeha hojerentsika manokana ny amin'i Enôka, izay voalaza manaraka ao anatin'ity taranaky ny Mpanjakan'ny finoana ity: *"Finoana no namindrana an'i Enoka tsy hiharan'ny fahafatesana; ka dia tsy hita izy, satria nafindran'Andriamanitra; fa talohan'ny namindrana azy dia nambara fa nankasitrahan'Andriamanitra izy"* (and. 5). Raha tsy nanam-pinoana i Enôka dia nety ho faty izy. Nanam-pinoana i Enôka ka dia velona. Kanefa na i Abela koa aza mba nanana izany toetra tsara izany, saingy maty. Manerana ny Hebreo 11, ny tsirairay avy amin'ireo maherin'ny finoana dia mampianatra antsika ny fomba ahafahana matoky an'Andriamanitra. Natoky Azy i Enôka teo amin'ny fiainana, i Abela kosa natoky Azy tao anatin'ny fahafatesana.

Jereo ny fahasamihafana misy eo amin'i Nôà sy i Abrahàma. *"Finoana no nanamboaran'i Noa sambo fiara hamonjena ny ankohonany, fa natahotra izy, rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra ny amin'ny zavatra tsy mbola hita."* (and. 7). Ny finoan'i Nôa dia nitarika azy hanao izay nampanaovin'Andriamanitra azy na dia toa hadalana aza izany tamin'ny ankama- roan'ireo olona velona tamin'ny androny. Tamim-pankatoavana tanteraka no nana- rahan'i Nôà ny toromarika nomen'Andria- manitra rehetra. Natoky an'Andriama- nitra izy. Nandritra ny 120 taona no nananganany ny sambo fiara na dia tsy nisy orana nilatsaka aza. Izany no atao hoe finoana eto.

Ny fanandraman'i Abrahàma kosa mifanohitra amin'izany. *"Finoana no naneken'i Abrahama, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin'izay tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany."*(and. 8). Nitarika an'i Abrahàma ny finoany handao ny fiadanana tao amin'ny tokantranony ho any amin'ny toerana tsy mbola fantany akory.

Fifanoherana manao ahoana loatra izany!I Abela, maty tamin'ny finoana, i Enôka, velona tamin'ny finoana. I Nôa tafatoetra tamin'ny finoana, i Abrahàma niala ny toerana nisy azy tamin'ny finoana. Ary dia mbola mitohy mandritra ny toko manontolo izany fifanoherana izany.

Finoana no nananan'i Saraha taranaka na dia efa 90 taona aza izy. Taona maro taty aoriana dia nentin'i Abrahàma niaraka taminy i Isàka zanany, ho any an-tendrombohitra Moria araka ny baiko izay nomen'Andriamanitra hanao fanatitra ny zanany ho Azy. Ilay Andriamanitra izay nangataka ireto ray aman-dreny ireto hatoky Azy fa hanome taranaka ho azy ireo no mbola

mandidy ireto ray aman-dreny ireto ankehitriny hanao fanatitra ny zanany ho Azy.

Ny finoana dia tsy miteny amin' Andriamanitra hoe izao no tiako, matoky fa homeny ahy ity. Ny finoana dia matoky amim-panajana an'Andriamanitra na manao ahoana na manao toe-java-misy antsika. Mety hiady amin'aretina mafy isika na ao anatin'ny fahasalamana tanteraka. Mety hianoka tanteraka ao anatin'ny fahasambarana isika ao an-tokantranon-tsika na voatery tsy maintsy hifindra toerana na manahy ny hisian'izany. Mety hiroborobo ny fidiram-bolantsika na miady amin'ny fanefana trosa. Mety hianoka anaty fahasambarana isika ao an-tokantrano na mety hienjana ny fifa- ndraisana ao anivon'izany. Mety haha- tsapa ho akaiky dia akaiky an'Andriama- nitra isika na mihevitra ho tena lavitra azy. Tsy miankina amin'ny fihetseham-pon- tsika na ny zava-misy iainantsika ny finoana(Hab. 3:17-19).

Ireo mahery fon'ny finoana voatanisa ao amin'ny Hebreo 11 rehetra dia nanana ny foto-kevitra niraisana teo amin'ny fiainany: Natoky an'Andriamanitra izy ireo

## Mampitombo ny finoantsika

Inona no ataonao rehefa malemy ny finoanao? Henoy izay voalaza ao amin'ny Rôm. 12:3 *"(...) araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy.*"Rehefa mandray fanapahan-kevitra amim-pisainana tsara isika handray ny fitiavana tsy manam-petra, ny hery tsy manam-pahataperan'Andriamanitra, dia apetrany ao am-pontsika ny fatran'ny finoana. Arakaraka ny ampiasantsika izany fanomezam-pahasoavana izany no ahafahan'izany mitombo ao anatintsika. Mitombo ny finoana rehefa mianatra matoky an'Andriamanitra ao anatin'ny fitsapana sy fihaikana manoloana antsika amin' ny fiainana isika. Misy vanim-potoana tsy maintsy lalovana eo amin'ny fiainantsika rehefa mitombo ao anatin'ny toe-javatra sarotra ny finoana. Indraindray, ao amin'ny vanim-potoanan'ny famoizam-po lehibe no mahabe indrindra ny finoana.

Mitombo ihany koa ny finoantsika rehefa mandinika ny Tenin'Andriamanitra isika. Rehefa mameno ny saintsika ny fahamarinana ara-Baiboly dia mitombo ny finoantsika. Manamafy ity fahamarinana avy amin'Andriamanitra ity ny Tenin'ny Soratra Masina: *"Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy."*

Ny fahatokiana an'Andriamanitra dia manome hery ny tenantsika manontolo. Manome hery ny vatantsika, ny saintsika, ny fihetseham-pontsika, ary ny fanahintsika. Na dia ao anatin' ny aretina mafy aza, dia mbola afaka miakatra ambony hatrany ny finoantsika. Mamikitra amin'ny "fanantenana voatahy" isika ary faly ao amin'ny fanantenana ny fiverenan'i Kristy rehefa hofoanana mandrakizay ny aretina.

Mandra-pahatongan'izay fotoana izay dia miaina amin'ny finoana an'i Jesôsy isika. Ilay iray izay tena loharano marin'ny fanasitranana rehetra.■



**MARK A. FINLEY,**
EFA MISOTRO RONONO, FILOHA LEFITRA/ FOIBE MANERAN-TANY (2010) -MBOLA MANOHY AMIN'NY MAHA-MPANAMPY NY FILOHAN'NY FOIBE MANERAN-TANY SY TONIA NY «ADVENTIST REVIEW».

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Mamefy manodidina antsika eo amin'ny fiaraha-monina ny fihanaky ny haino aman-jery izay mamely antsika isan'andro amin'ny filazana an-gazety sy ny dokambarotra. Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika mijoro ho vahoakan'ny finoana eo anivon'izany tontolo izany?

2. Inona no mety ho antony nahatonga an'Andriamanitra hangataka an'i Abrahàma hanao fanatitra ho Azy an'i Isàka zanany eo amin'ny tendrombohitr'i Moria? Tsy mafy loatra, tsy hadalana va izany? Hendry mandrakariva va ny finoana?

3. Mandritra ny dinidinika ataon'ny fiangonanao mahakasika ny fomba ahafahana manampy amin'ny fampitomboana ny fanandraman'ny finoan'ny zanatsika sy ny tanorantsika, ahoana no hahatonga antsika ho mpanentan'ny finoana?



# Alatsinainy

# Manatratra ny momba ny tena manontolo

## Nosoratan'i Peter N. Landless

Nanomboka ny tontolo andro, tahaka ny fomban'ny fianakaviana mpitsabo maro erehina rehetra. Ankoatra ny adidy hafa, dia efa nanana fandaharam-potoana hanao fandidiana koa aho tamin'ity maraina manokana ity. Vao sambany aho nitsabo ity marary ity. Teto anivon'ity tanàna kely ity no nanombohanay ny asa nandritra ireo taona voalohany niasanay teo anivon'ny saha misiônera. Teo am-piomankomanana hivoaka ny trano aho no nisy antso an-tariby maika nampahafantatra ahy fa misy marary mila famonjena maika dia maika ao amin'ny hôpitaly. Niantso ny hôpitaly aho ary nilaza tamin'izy ireo fa somary ho tara kely ny fahatongavako, kanefa kosa tsy maintsy tonga aho vantany vao vita omana sy mahazo ny fanafody fanoranana ny marary.

Tonga tany amin'ny hôpitaly aho; niomana hanao ny fandidiana sady nanontany raha efa matory ny marary. Somary hendratrendratra ilay mpitsabo mpanampy raha namaly ahy nanao hoe: "Aleo ianao mihitsy no mijery azy." Azonao an-tsaina ny fahatairako nahita ny mpanome fanafody fampatoriana (anesthésiste), ny mpandidy mpanampy ary ny mpitsabo mpanampy nijoro teo anilan'ilay marary tsy matory, mitsotra eo ambonin'ny latabatra!

Rehefa nanontany aho hoe nahoana ny marary no mbola tsy matory? Ny valinteny azoko avy tamin'ny mpiara-miasa amiko dia hoe: "Anontanio ny marary!" Dia nanontany ny marary aho.

Olona faran'izay tsotra ilay marary. Tamimpitsikiana no namakivakiany ny voalin'ny fizaham-pahasalamana. Hoy ny navaliny: "Nolazaina tamiko fa mivavaka mandrakariva ianao mialohany hanatanterahanao fandidiana, koa tsy navelako nampiditra ny fanafody fampatoriana mihitsy ireto mpiara-miasa aminao ireto raha tsy mivavaka ho ahy."

Dia niara-nivavaka taminy aho. Nivadika ho tombontsoa mahafinaritra nahafahana nanao fijoroana ho vavolombelona tamin'ilay marary sy ireo mpiara-miasa tamiko ny zava-nisy – naneho ny fomba fiasan'ny lanitra sy ny fomba hahafahana manatratra ny maha-olona manontolo.

### Olona feno isika

Mifamatotra tanteraka amin'izay rehetra ataontsika ny fahasalamana ary zava-dehibe tokoa izany amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika. Naneho Andriamanitra fa manan-danja Aminy tokoa ny fahasalaman'ny vahoakany hatrany amin'ny famoronana. Namorona zavaboary mahafinaritra Izy mba hihazonana ny fiadanan'ny voariny. Nanome antsika sakafo ara-pahasalamana, rivotra madio, rano madio Izy, ary tombontsoa hahafahana manao fampiasan-tena tahaka izay nataon'ireo ray aman-drenintsika rehefa nikarakara ny saha Izy ireo. Nikarakara ny fiainana ara-panahin'izy ireo Andriamanitra, niaranandeha ary nifampiresaka tamin'izy ireo rehefa takariva somambisamby iny.

Hatrany am-boalohany dia mifamatotra hatrany ny ara-panahy sy ny fahasalamana. Eny, fa na dia taorian'ny fahalavoana sy ny safo-drano ary ny fanandevozana tany Egipta aza dia mbola nasehon'Andriamanitra hatrany fa zava-dehibe Taminy tokoa ny momba ny fahasalaman'ny vahoakany, tamin'ny alalan'ny nanomezany azy ireo toromarika manokana mahakasika ny fahasalamana. Ireny no niaro azy ireo tamin'ny aretina izay namotika ny Egiptianina sy ny hafa.

Tamin'ny fotoana voatondro dia nanome ny ohatry ny fivoarana feno tao amin'ny fiainan'ny Tompo Jesosintsika Andriamanitra. Ny Soratra Masina dia manamafy fa *"Ny Zaza dia nitombo ka nihahery sady feno fahendrena; ary ny fahasoavan'Andriamanitra no tao aminy."* - Lioka 2:40. *"Ary Jesosy nitombo saina sy tena* sady nandroso fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona."* (and. 52). Eto ny ny dokotera Lioka dia mampifandray ny ara-batana, ny ara-pihetseham-po, ny ara-tsaina ary ny ara-piaraha-monina ary maneho ny olona "feno" izay nohariana araka ny endriny.

Amin'ny fitiavany feno famindrampo dia manamafy Andriamanitra fa olona feno isika. Izany dia hita ao amin'ny hafatra momba ny fahasalamana ho an'ity fiangonana ity izay nampanoratany ny mpanompovaviny Ellen White. Ny fahitana izay nomen'Andriamanitra tao Otsego, Michigan, tamin'ny 6 Jona 1863 dia mampanako mafy ny antso fa adidy ara-panahy ny fikarakarana ny vatana izay tempolin'Andriamanitra, ary nohamafisiny mazava tsara ny fifandraisana feno eo amin'ny vatana, ny saina ary ny fanahy. Izany foto-kevitra izany dia naharitra ny fisedran'ny fotoana sy fanandramana ara-tsiansa. Ny foto-kevitry ny fialan-tsasatra, ny finoana an'Andriamanitra, ny fampiasan-tena, ny fifohana rivotra madio dia natao mba hahafahana mihazona ny fifandanjana eo amin'ny maha-olona manontolo.

Ny vinan'i Otsego dia nanamafy fa ny tanjon'ny fikolokoloana ny fahasalamantsika dia ny mba hahafahantsika manompo an'Andriamanitra sy ireo mpiara-belona amintsika. Hanana fahasalamana tsaratsara kokoa isika, kanefa tsy tanjona farany izany. Novonjena mba hanompo isika, araka izay nosoratan'i Ellen White: *"Tonga ankehitriny ny fotoana izay tokony handraisan'ny mambran'ny fiangonana rehetra an-tanana ny asa misiônera ara-pahasalamana. Izao tontolo izao dia oharina amin'ny tokantranon'i Lazarosy izay rakotry ny aretina ara-batana sy ara-panahy. Na aiza na aiza dia ahitana mandrakariva vahoaka "ringana noho ny tsy fisian'ny fahalalana" mahakasika ny fahamarinana izay nankinina amintsika. Ny mambran'ny fiangonana dia mila ampahafantarina mba hahafahan'izy ireo mahatsapa ny andraikiny ny amin'ny fizaràna ireny fahamarinana ireny."*

Marina izany ary mbola vao mainka mahadodona izany fahamarinana izany ankehitriny. Izany dia antso ho fampahafantarana ny hafatra momba ny fahasalamana, ataon'ny tena manokana ary iombonana amin'ny maha-fiangonana; atolotra maimaim-poana sy am-pitiavana rehefa mitory teny, mampianatra, ary manao ny hafa ho mpianatra.

## Tanjon'ny Hafatra feno ara- pahasalamana

Ny hafatra feno mahakasika ny fahasalamana, mifototra amin'ny fahalalana ara-Baiboly sy ny fanambarana ara-tsindrimandry dia milaza ny momba ireo olana lehibe mahakasika ny antom-pisian'ny olombelona: aretina sy ny fijaliana vokatr'izany.

Na dia zava-dehibe aza izany, dia tsy mahakasika fotsiny ihany ny fomba fisakafoana. Manoritsoritra momba ny tanjon'ny fanavaozana ara-pahasalamana i Ellen White: *"Rehefa mampianatra ireo foto-kevitra momba ny fahasalamana ianao, dia ataovy ao an-tsaina hatrany ny tena anton'ny fanavaozana – fa io zava-kendreny io dia hahazoana antoka ny fitomboana ambony indrindra eo amin'ny ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy. Asehoy fa ny lalàn'ny zavaboary, izay lalàn'Andriamanitra, dia notendrena hahasoa antsika; fa ny fankatoavana ireo dia mahatonga fahasalamana ho amin'ity fiainana ity, ary manampy ny fiomanana ho amin'ny fiainana ho avy."*

Miorina amin'ny foto-kevitra momba an'Andriamanitra ny hafatra ara-pahasalamana, izay manova ny fampahalalana ara-pahasalamana ho foto-pisainana feno ara-pahasalamana. Misy singa fototra ara-môraly ny ahatongavana ho mpandray anjara amin'ity fanomezam-pahasoavan' ny fiainana ity, araka izay amaritan'ny Apôstôly Paoly azy: *"Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany.»* - 1 Kôr. 10:31

Voatohana sy sitrana isika nohony herin' Andriamantra. Ny fahafenoana eo amintsika dia noraisina avy Taminy avokoa. Noho ny fahasoavany dia afaka manana ny fahafenoana isika ao anatin'ny fahoriana. Nanoratra izao i Paoly fony izy niaina izany fijaliana izany, nanome toky azy ny Tompo: *"Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko. dia tanterahina amin'ny fahalemena."*

Eny, na dia ao anatin'ny fahoriana aza isika, *"ny adidintsika voalohany amin' Andriamanitra sy ireo mpiara-belona amin-tsika dia ny ahafahan'ny tsirairay manana fivelarana manokana. Ny fahaizana rehetra izay nomen'Andriamanitra antsika dia tokony hokolokoloina hanatratra ny mariky ny fahatanterahana. Izany no ahafahantsika manao tsara indrindra araka izay azontsika atao."*

Rehefa mivelatra amin'ny fahafenoany ny fahaiza-manaontsika, dia hiseho amin'ny endrika samihafa ny momba ny fanompoantsika ny Tompo. Tena hihevitra tokoa ny momba ny filàna rehetra ho amin'ny fanandraman'ny olombelona isika. Tena zava-dehibe amin'ny fizaràna ny hafatra rehetra ny fampiharana ireo lalàna fototra ampianarina. Izany no atao hoe fampiharana ny fomba fiasan'i Kristy. Anisan' izany ny fifangaroana amin'ny hafa, ny fikarakarana ny hafa, ny fanehoam-pitiavana amin'ny hafa, ny fiasana ho amin'ny filan'ny hafa, ary ny fampirisihana ny vahoaka hanaraka an'i Jesôsy.

## Manao ahoana izany "Manatratra ny tena manontolo" izany?

Manerana ny Baiboly manontolo no ahitantsika ireo ohatra momba ny fomba fanatraran'Andriamanitra ny maha-olona manontolo. Nanome lalàna môraly ho an'ny Isiraely Izy ary nahasarika ny manodidina Azy tamin'ny alalan' ny fanomezana ireo toromarika mahavonjy ara-pahasalamana. Ny fara-tampon'ny fanehoam-pitiavana amin'ny hafa dia niseho tamin'ny fiainan'i Jesôsy, ny asa ary ny zava-mahagaga nataony. Nampahonena ny Mpamonjy ny ory sy reraka (Mat. 9:36). Tamin'ny fomba mahagaga no namahanany ireo vahoaka noana (Matio 14:15-20) ary nandodona ireo mpianany mihitsy izy hanome rano *"mangatsiaka na dia eran'ny kapoaka ihany aza hosotroin'ireny madinika ireny"*. Nanasitrana ilay lehilahy nanana demonia Izy, nampitafy lamba azy sady namerina ny sainy indray ary nametraka azy teo anilan'ny tongony (Lio. 8:35).

Amin'ny maha-Fiangonana antsika dia nandray fitahiana sy fahalalana ny amin'ny fomba hahafahana miaina amin'ny fahafenoana isika. Adidy masina ho antsika ny fikarakarana ny tempolin'ny Fanahy Masina; ny miasa sy ampiasaina eo anivon'ny tontolo rava, ny mitalaho mafy ny hanehoana amin'ny fahafenoany ny fahasoavan'i Jesôsy eo amin'ireo mpanompony. Amin'ny maha-olombelona feno antsika dia tokony hanome voninahitra Azy amin'ny tenantsika sy ny saintsika ary ny fanahintsika isika mba *"hiarovana ho amin'ny tsara indrindra ny hery rehetra ho amin'ny asa ambony ho an'Andriamanitra sy ny olona."* ■



**PETER N. LANDLESS**,
TALE/ DEPARTEMANTAN'NY FAHASALAMANA/
FOIBE MANERAN-TANY ANY SILVER SPRING, MARYLAND.

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Inona no holazainao amin'ny olona iray izay mino fa tsy misy ifandraisany amin'ny ara-panahy ny resaka ara-pahasalamana?
2. Eto amin'ity izao tontolo izao feno ota ity, olona maro tsy tambo isaina no mijaly noho ny aretina mampahalemy; araka ny hevitrao, inona no fihetsika nasehon'i Jesôsy tamin'ireny olona ireny?
3. Inona ny sasany amin'ireo fomba manokana ahafahantsika mikarakara ny tena manontolo?

Talata

# Manana fiainana mahatoky



## Nosoratan'i Don Mackintosh

Tao anatin'ny sehatra ara-pivavahana sy ara-tsiansa dia nisy eritreritra nivelatra mahakasika ny fiainan'ilay zatovo hebreo antsoina hoe Daniela. Anisan'ny loharano nampivoy izany eritreritra izany ny vokatry ny fihomboan'ny aretina tany amin'ny firenena tatsinanana.

Ny fomba fiaina sy ny fahazarana ara-pahasalaman'i Daniela dia nifototra tamin'ny lalàna ara-môraly sy ireo lalàna ara-pahasalamana izay nomen'Andriamanitra ary natsangany ho fanevan'ny fahamarinana tao anatin'ny firenena efa potika sy rava tanteraka. Vonona ny hanao sorona ny ainy i Daniela sy ireo namany mba hahafahana mijoro ho mahatoky amin'ireo lalàn'Andriamanitra.

Andeha hojerena vetivety ny amin'ireo fampianarana sasany milaza ny fomba fiaina ara-pahasalamana voalazan'ny Baiboly narahin'i Daniela.

### Misafidy ny sakafo ambony indrindra

Rehefa natolotra an'i Daniela ireo sakafo fihinan'ny Mpanjaka dia nisafidy ny tsy hihinana afa-tsy ireo sakafo vokatra avy amin'ny zava-maniry izy (Dan. 1:16), ny sakafo izay nomena ny olombelona tamin'ny famoronana (Gen. 1:29).

Rehefa nanaraka fomba fisakafo amin'ny vokatra avy amin'ny zava-maniry nandritra ny 21 andro ireo mpanao fikarohana dia nahita fa "nihatsara ny fikorianan'ny ra sy ny firindran'ny taova" teo amin'izy ireo. Tetsy an-danin'izany koa anefa, ireo izay nanaraka ity fomba fisakafo ity dia afaka nanara-maso misimisy kokoa ny tahan'ny siramamy tao anatin'ny rany.Ny valin'ny fikarohana nataon'ireto manam-pahaizana ireto dia nifandray mivantana tamin'ny fahaizana mifehy tena sy ny fananana fanapahankevitra hentitra. Tsotra ny tiana hambara: raha tsara mandrakariva ny tahan'ny siramamy ao amin'ny rànao, dia hisy fivoarana betsaka tokoa ny fahazaranao mifehy tena sy manatratra ireo tanjonao.

Ny sakafo vokatra avy amin'ny zavamaniry nangatahan'i Daniela sy ireo namany dia niaro azy ireo tamin'ny fihinanana ireo vokatra azo amin'ny biby, izay tena manana tahana «arachidonic acid» ambony, izay singa ara-tsimia voaporofo fa mampitombo ny toe-po sy ny fihetseham-po ratsy. Araka ny fanambaran'ny Baiboly dia nampitombo ny fahalalana ara-tsain'i Daniela ny fahazarana ara-tsakafo nokolokoloiny ka ireny dia nametraka azy tamin'ny toerana nahafahany naneho an'ohatra ny foto-kevitra nijoroany sy ireo tanjon'Andriamanitra.

Nisafidy ny hisotro rano fa tsy divay i Daniela, satria mety hampirondroana ny sainy ny fisotroana izany. Tsy vitan'ny hoe

mampitombo ny fitadidiana eo amin'ny tanora fotsiny ny fisotroana rano. Vao tsy ela izay dia nisy fanadihadiana nataon'ny Oniversite ao Atsinanan'i Londres nanosokevitra fa ny fisotroana rano eo amin'ny 3 kaopy eo mialohany hanaovana fizahampahasalamana dia manatsara hatramin'ny 14 % ny vokatra. Tsy mahagaga raha nitombo avo folo heny mihoatra ny tanora hafa ny fahalalan'i Daniela sy ny namany.

## Vavaka sy fandinihan-tena

Niaina tao anatin'ny vavaka sy fandinihana ny Tenin'Andriamanitra i Daniela.

Nahazendana ny mpanao fikarohana ny fahitana fa ny fieritreretana fotsiny momba ny lohahevitra ara-pivavahana dia afaka manampy amin'ny fifehezan-tena. Ny fanadihadiana hafa dia naneho fa ny vavaka dia toy ny fanatanjahan-tena *anaerobika* (tsy miankina amin'ny fatran'ny rivotra ny fahafahana mahazo tanjaka). Aorian'ny ora telo nanaovana izany fotsiny dia hita "nihatsara ny fifantohana", ary aorian'ny ora iraika ambin'ny folo nanaovana izany dia hita kosa indray fa "nihafaingana kokoa ny fifandraisana misy eo amin'ny faritra sarobidy indrindra amin'ny atidoha ka nahafahana nanana fifantohana kokoa, ary nifehy ny fihetseham-po." Ny vokatry ny fanadihadiana natao tamin'ireo mpandray anjara somary be "matière grise" eo amin'ny faritry ny atidoha antsoina hoe «cortex prefontal» dia tsikaritra fa nihatsara kokoa ny fikorianan'ny ra teo eo amin'izany faritra izany.Eo no ivon'ny atidoha izay mpanatanteraka ny baiko, maha-samy hafa ny olombelona amin'ny biby.

Araka izany, ireo izay nanaraka an'i Daniela dia nanehoan'Andriamanitra ny fampiharana ny vavaka manokana (Dan. 10) sy iarahana amin'ny hafa (Dan. 1 sy 2) ka afaka manantena vokatra mitovitovy amin'izany.

Ny fahasalamana ara-tsaina sy ny fahombiazana izay nananan'i Daniela dia azo antoka fa nifototra indrindra tamin'ny fahatokiany an'Andriamanitra. Vokany, nanana fiainam-pankatoavana tanteraka ny lalàn'Andriamanitra sy ny lalàna momba ny fahasalamana izy (Dan. 9:4,13). Tsy i Daniela irery no nandray tombontsoa tamin'ny fijoroana ho mahatoky tamin'ny lalàn'Andriamanitra, fa anisan'ny nandray izany koa ireo tompony. Hita izany tamin'ny nanendren'ny Mpanjaka Dariosa an'i Daniela ho mpitantana ny fananany mba "tsy hahafaty antoka" loatra ny mpanjaka. Ny fanindraindran'i Daniela ny lalàn'Andriamanitra dia nahatonga azy ho afaka nijoro ho mahatoky mandrakariva. Tsy teo amin'ny fiainany ihany no nahitana izany, fa teo amin'ny fitantanany ny volan'ny mpanjaka sy ny volam-panjakana koa.

## Fahamarinana

Ny fanadihadiana natao tamin'izao vanin'andro iainantsika ankehitriny izao, mahakasika ny fahatokiana dia nahitana fa na dia ireo izay vao tsy ela aza no nahafantatra ny momba ny lalàn'Andriamanitra dia efa afaka manana sahady taham-pahatokiana ambony dia ambony.

Nozaraina ho antoko roa ireo olona nanaovana fanadihadiana. Ny antoko iray dia nasaina nampahatsiahy ny momba ny didy folo, ary ny antoko iray hafa kosa nasaina nampahatsiahy ireo boky 10 izay novakin' izy ireo fony izy ireo tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Teo amin'ireo antoko izay nasaina nampahatsiahy ireo boky 10 dia tsikaritra fa nihanaka izay tsy izy ny hosoka. Fa teo anivon'ireo antoko nasaina nampahatsiahy ny momba ny didy 10 kosa dia tsy nahitana endrika hosoka velively.

Naverina indray mandeha ny fanandramana. Koa tamin'ity indray mandeha ity indray dia nasaina namerina ny momba ireo **«code d'honneur»**-n'ny sekoly avy ny mpandray anjara na ny momba ny didy folo. Teto dia mbola hita indray fa ireo izay nifantoka tamin'ny didy folo dia mahatoky kokoa mihoatra amin'reo izay namerina ny **«code d'honneur»**-n'ny sekoliny. Na dia teo anivon'ny vondron'ireo milaza ny tenany ho tsy mpino aza dia tsikaritra izany vokatra izany.

Na dia nandalo fotoan-tsarotra maro aza i Daniela, dia nihazona mandrakariva ny toe-tsaina feno fankasitrahana izy. Eny nanao vavaka fisaorana izy raha vao nandre ny didy nampanipy azy tao an-davaky ny liona izy. (Dan. 6:10)

Ny fahazarana mihazona toetra mahay mankasitraka dia maneho ankehitriny fa mampihena ny olana ara-pahasalamana, hahafahana mahita ny fiainana amin'ny lafiny tsara kokoa, ary hahafahana mandroso amina tanjona lehibe kokoa eo amin'ny fianarana, fifandraisana, fahasalamana sy ny hafa. Ny siansa dia manoso-kevitra fa ilaina ny manana firaketana ireny zavatra tsara noraisina isan'andro ireny ho an'ny fahasalaman'ny atidoha sy ny vatana.

## Mihazona ny lova

Raha betsaka ireo anton-javatra nanana hery miasa mangina teo amin'i Daniela, taona vitsivitsy talohan'izao, dia mety ho anisan'ny nanosika izany ny fanavaozana nentin'i Josia. Tena mbola kely tokoa i Daniela fony nitarika ny vahoaka hiverina amin'ny fahatokiana amin'Andriamanitra i Josia.

Ny fanekena nataon'i Daniela tamin' Andriamanitra dia mampahatsiahy antsika ny fahavononan'i Josia mpanjaka hanandratra ny lalàna sy ny fitsipi-piainana nomen' Andriamanitra (jereo 2 Mpanj. 22; 23). Rehefa nahita ny lalàn'Andriamanitra i Josia dia nanao ny fanandraman'ny fifohazana sy fanavaozana, izay nitarika ny firenena manontolo ho amin'ny hazakazaky ny fanavaozana. Anisan'ny nandray ireo fankasitrahana voarakitra ao amin'ny Tenin'ny Soratra Masina i Josia: *"Ary tsy nisy mpanjaka tahaka azy teo alohany, izay niverina ho amin'i Jehovah tamin'ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra sy ny heriny rehetra araka ny lalàn'i Mosesy rehetra; sady tsy nisy tahaka azy intsony niseho taty aoriana."* - 2 Mpanj. 23:25.

Mira zotra amin'ny fahatokian'i Josia sy ny fitsipi-piainany ny an'i Daniela sy ireo namany, izay voababo tany amina firenenkafa taona maro taty aoriana, kanefa dia nijoro ary nanapa-kevitra ny hiaina ny fiainam-pahamarinana tao amin'ny lapan'ny Babilôna.

Izao no nosoratan'i Ellen White: *"Ny toetran'i Daniela dia naseho tamin'izao tontolo izao ho maodely ny amin'izay azon'ilay Andriamanitra fahasoavana atao amin'ny olombelona lavo sy rava vokatry ny fahotana. Izay voarakitra momba ny fitsipi-piainana ambony sy ny fandavan-tenany dia fampaherezana antsika eo amin'ny fiaraha-monina izay misy antsika. Avy amin'izany no handraisantsika hery handresy ny fakam-panahy, ho afaka hihazona sy hijoro amin'ny fahamarinana manoloana ny hamafin'ny fihaikana, eo ambanin'ny fahasoavany." - Ellen G. White. Fundamentals of Christian Education (Nashville: Southern Pub. Assn., 1923) t. 79*

Andriamanitra anie hanampy antsika mba hahafahantsika mijoro ho mahatoky, tahaka an'i Daniela, eto amin'ity tontolo feno hery miasa mangina ity.■



**DON MAC KINTOSH,**
TALEN'NY FAHASALAMANA SY MPIANDRAIKITRA NY ARA-PANAHY AO AMIN'NY IVON-TOERAM-PAMPIANARANA ANY CALIFORNIE.

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Inona ireo fanovana fomba fiaina tokony hataonao mba hanarahanao tsara kokoa ireo foto-kevitra momba ny fahasalamana izay napetrak'Andriamanitra?

2. Vitantsika mandrakariva ve ny manao ireny fanovana ireny amin'ny herin'ny sitrapontsika?

3. Raha tsia, aiza no ahazoantsika fanampiana?



Alarobia

# Mihazona toetra tsara – iray amin'ireo fomba ahafahana manana fahasalamana feno

AMPAHAN-DRESAKA MOMBA NY FAHASALAMANA MANONTOLO

**Nosoratan'i Des Cummings, JR.**

Nandritra ny hazakazaka natao tany Honolulu tamin'ny taona 2010 no niseho ny tantara. Nifantoka teny amin'ny tsipika famaranana hahafahana mahazo ny anaram-boninahitra, mialoha indrindra ny dingana lavitr'ezaka maneran-tany ny fakan-tsary sy ny mpanao gazety rehetra. Ny mpihazakazaka nisongadina tamin'ity dia i Gladys Burrill. Nanaraka akaiky ny fivoaran'ny ezaka vitany nandritra ny hazakazaka ny mpanara-maso. Nampisongadina azy avy lavitra ny jiro. Nitangorona nilahatra teo amin'ny tady avokoa ny mpanohana ny mpilalao mba hahafahana mahatazana tsara. Rehefa tamy nanatona izy dia nihoraka mafy ny mpijery, ary nanakoako mafy tokoa ny feo fampaherezana.

Tampoka teo, niadana ny hafangainam-pandehan'i Gladys, ary dia nijanona tanteraka. Nivadika fimenomenonana ny hiaky ny mpanohana. Nifamoivoy ny fanontaniana: "Inona no antony nijanonany? "Tafintohina ve izy?" "Inona no olany?" Rehefa nijanona elaela, dia nahazo aina indray i Gladys ary niverina nihazazaka indray ka niampita ny tsipika farany nahafahany nandrombaka ny zava-bita tsara indrindra maneran-tany.

Tamin'ny faha-92 taonany dia i Gladys Burrill no nahazo ny tompon-dakan'ny vehivavy zokiny indrindra nahavita hatramin'ny farany ny hazakazaka lavitr'ezaka. Anisan'ny nanamafy ny zava-bitany ny *Guinness World Records,* ary ny *Hawaii House of Representatives* dia nanolotra mari-pankasitrahana ho azy, izay narahina lanonana manokana.

Kanefa dia mbola nisy misitery tsy mbola nahazoam-baliny: Inona no antony nampijanona azy metatra vitsivitsy tsy hahatongavany teny amin'ny tsipika farany? Tokony ho latsaka 2 mn ny fotoana vitany. Nanazava i Gladys fa 100m teo ho eo tsy hahatongavany teny amin'ny tsipika farany dia nijanona izy… mba hivavaka, satria "Nihevitra aho fa hiova ny fiainako vantany vao mandingana ity tsipika ity aho." Fantatro fa mila fampaherezana ny olona sasany. Mora mpahazo ny olona ny fahakiviana sy ny toe-tsaina tsy mahita afa-tsy lafy ratsin-javatra! Tena zava-dehibe tokoa ny manana toe-tsaina mihevitra ny lafin-tsaran-javatra! Misy fiantraikany amin'ny fahasalamanao sy ny fomba fijerinao ny zavatra rehetra izany.

"Maro ny olana nianjady tamiko tamin'ny fiainana", hoy i Gladys, "kanefa dia niaraka tamiko mandrakariva Andriamanitra." Tamin'ny faha-11 taonany dia voan'ny lefakozatra izy, saingy sitrana

ihany tatỳ aoriana. Nanan-janaka 5 izy, fa ny lahy tamin'izy ireo dia matin'ny homamiadan'ny atidoha. Ary 2 taona talohan'ny nandrombahany ny zava-bita tsara indrindra maneran-tany dia maty ny vadiny.

Noho ny fitaizany ny toe-tsaina mijery ny lafy tsaran-javatra mandrakariva, dia nomen'ny mpanao gazety solon'anarana hoe "Glady-ator" izy (avy amin'ny teny frantsay hoe Gladiateur). Izao no lohateny lehibe vakina eo amin'ny filazambaovaon'ny NBC: "Ny tsiambaratelon'ilay mpihazakazaka 92 taona?" "Mijere ny lafy tsaran-javatra mandrakariva. "

Mambran'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito i Gladys. Ohatra velon'ny tombontsoa raisina avy amin'ny hafatra ara-pahasalamana advantista izy. Tsy mihinana afa-tsy vokatra vita amin'ny zava-maniry izy; ary mavitrika mandrakariva. Kanefa, izay tena nanintona indrindra ny mpanao gazety teny aminy dia ny toetra tsara nananany.

Antoky ny fahasalamana feno ny fananana toetra tsara. Nanoro hevitra ny Kristianina tao Tesalônika i Paoly mba hampihatra ireo toetra telo ahafahana mameno hatsarana ny fiainana: *"Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo."* Koa andeha hojerentsika tsirairay ny amin'izany.



## Fifaliana

Feno hafaliana ny fiainan'i Jesôsy. Naniry ny hizara izany tamin'ireo mpianany Izy: *"Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo." - Jao. 15:11* Mbola namerina nampanakoako izany lohahevitra izany i Ellen White. Nantsoina mba handray "ny taratry ny fitsikin'Andriamanitra isika, ary tokony hampitaratra izany amin'ny hafa. "

Vokatry ny ratra nahazo ny lamosiny, dia narary mafy ny raiko. Isa-maraina dia sahirana mihitsy izy vao afa-mandeha, kanefa dia mbola afaka mitsiky amin'izay olona mifanena aminy foana. Rehefa nanontaniana momba ny fahasalamany izy dia izao no avaliny: "Tena tsara!"

Amiko, toa mihatsaravelatsihy ny mieritreritra fifaliana ao anaty fanaintainana. Nanontany azy aho "Dada ô! Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao miteny amin'ny olona hoe: 'tena tsara', kanefa ao anatin'ny fijaliana ianao? Amin' ny fomba ahoana no ahafahanao mitsiky raha tokony hiketrona ny endrikao?"

Izao no navaliny ahy: "Asa tokony hatao ny mitsiky. Manampy ahy hampitodika ny saiko amin'ny hafa, fa tsy amin'ny tenako foana." Teo vao tsapako fa ny tsiambaratelon'ny fahafahany mihazona toe-tsaina mijery ny lafi-tsaran-javatra mandrakariva dia ny fanaovany tsianjery ireo teny fikasana avy ao amin'ny Tenin'ny Soratra Maina sy ny fizaràna izany amin'ny hafa.

Iray amin'ireo andalan-tenin'ny Baiboly tena tian'i Dada dia izay voasoratra ao amin'ny Sal. 34:5 *"Mijery Azy ireo ka miramirana, sady tsy hangahiahy ny tavany."* Ny tsikin'i Dada sy ireo teny fikasana avy ao amin'ny Baiboly dia fanomezana tsara izay momba ny fiainako mandrakariva.

Endrika ivelan'ny hatsaran-toetra ny tsiky. Nampitaha ny fifandraisana misy eo amin'ny lanjan'ny tsiky sy ny halavan'ny androm-piainana ireo mpanao fikarohana avy ao amin'ny Oniversiten'i Wayne State. Ary ireo ekipan'i Wayne State dia nahita fa

izay tia mitsiky dia manana halavan-taona manan-tombo 5 taona raha oharina amin'ireo izay tsy mba mitsiky mihitsy na zara raha mitsiky.

Mihoatra ny tsiky ny fifaliana. Fanomezana mitondra hery ho antsika hiatrika ny fanaintainana izany. Amin'ny fotoantsarotra dia manampy antsika hanaraka ny drafitr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibanjinana sahady ny fandresena izy. Niaritra ny hazo fijaliana i Jesôsy *"mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany" - Heb. 12:2.* Araka ny fanambaran'i Ellen White "Manamaivana ny enta-mavesatra vokatry ny tabataba sy ny ahiahy mahazo antsika ny finoana an'Andriamanitra sy ny fitondrany leihibe. Ampoky ny fahafaham-po sy ny fifaliana ny fony na toerana ambony na toerana ambany indrindra aza no misy azy" - Patriarka sy Mpaminany, t. 607.

Fantaro fa i Jesôsy dia tsy mampitovy ny fifaliana amin'ny fihetseham-po. Mety hiovaova arakaraka ny zava-misy ny fihetseham-po. Izao no vavaka nataony tao Getsemane: *"Raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity" - Mat. 26:39.* Teto dia natosiky ny tahotry ny ho tafasaraka amin'ny Rainy ny fihetseham-pony; kanefa ny fifaliana izay nananany dia nahafahany niaina sahady ny fandresena ny aloka maintin'ny fahafatesana.

Ny fifaliana dia fomba fiainan'ny lanitra. Tamin'ny namoronana ny tany dia *"nihoby avokoa ireo zanak'Andriamanitra"* (Jôba 38:7). Tamin'ny nahaterahan'i Jesôsy, dia izao no hafatry ny anjely *"Milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an'ny olona rehetra" (Lio. 2:10).* Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany dia nanao izao fanambarana izao i Jesôsy *"Tsy misy fifaliana toy izany eo anatrehan'ny anjelin'Andriamanitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka." (Lio. 15:10).* Nofaritany ho fidirana amin'ny *"fifalian'ny tomponao" ny lanitra. (Mat. 25:21).*Tsy mahagaga raha manoro hevitra i Paoly ny amin'ny tokony *"Hifaliana mandrakariva ao amin'ny Tompo." (Fil 4:4).* Manampy antsika hanao ny fanandraman'ny lanitra izay mijery ny tsara mandrakariva ny fifaliana, eto anivon'ny tontolo tsy mahita afa-tsy ny ratsy mandrakariva.

## Vavaka

Amin'ny alalan'ny fomba fivavaka ihany no ahafahana manao ny fanandraman'ny fiainam-bavaka *"tsy mitsahatra" (1 Tes. 5:17).* Manome antsika ny "toe-tsain'i Kristy" ny vavaka, hahafahantsika mahita ny zavatra rehetra amin'ny mason'Andriamanitra. *"Ny vavaka no rivotry ny fanahy. Izy no tsiambaratelon'ny hery ara-panahy." (Messages to Young People,* t. 249.)

Efa hatramin'ny taona 1990 no nahitan'ny United States' National Institutes of Health avy amin'ny fikarohana nataony ny fifandraisana misy eo amin'ny ara-panahy sy ny fahasalamana. Ao amin'ny boky *God, Faith, and Health* izay nosoratan'i Jeff Levin no namintinany ny vokatry ny fikarohana ara-tsiansa tamin'ity sehatra ity.

Maro ny fikarohana nifantoka tamin'ny fiantraikan'ny vavaka amin'ny fahasalamana. Ohatra iray tamin'ireny ny fanadihadiana nataon'i Dr Marc Musicks tamin'olon-dehibe miisa 4.000 tao Karolina Avaratra. Izay tena nisongadina indrindra tamin'izany dia ny hoe: arakaraka ny favitrihan'ny olona mandray anjara amin'ny vavaka sy ny fianarana Baiboly no mampitombo ny fahasalamana eo amin'izy ireo.

## Fankasitrahana

Izao no nosoratan'i Ellen White: "Tsy misy na inona na inona mety hitondra fahasalamana ho an'ny vatana sy ny fanahy mihoatra noho ny toe-tsaina feno fisaorana sy fiderana, ary ny toe-tsain'Andriamanitra. Ny asa fahalalahan-tanana ho an'ny hafa koa dia tena famelombelomana lehibe ho antsika tokoa.

Isika Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manao ny (fanandraman'ny)

Sabata ho andro fisaorana manokana rehefa mametraka ny fanahiantsika eo Aminy isika. Rehefa midera Azy isika ny amin'ny zava-tsoa rehetra nentiny teo amin'ny fiainantsika, dia manao ny fanandraman'ny Sabata Fitahiana. Manasa anao aho hampihatra ireo tombontsoan'ny Sabata mandritra ny herinandro amin'ny alalan'ny fanokanana fotoana manokana "hitsaharana" isan'andro, hahafahanao mahita ny fahatsaran'Andriamanitra sy maneho ny fankasitrahanao.

Ny fankasitrahana dia vokatry ny fahitana ny fahatsaran'Andriamanitra eto amin'izao tany misy antsika izao. Ny fankasitrahana amin'ny hoavy dia vokatry ny fahitana ny fahatsaran'Andriamanitra ny amin'ny tontolo ho avy. Ny mason'ny fanantenana dia mahita an'Andriamanitra miasa eto amin'ity tontolo rava ity, ary milaza fa ny faharavana ara-boajanahary dia manamarina ny fahantomoran'ny fiavian'i Jesôsy. Ny fanantenana dia tsy feno fankasitrahana fotsiny – fa manatsara ihany koa ny fahasalamana.

Ny Dokotera mpisava lalana Advantista antsoina hoe John Harvey Kellogg dia nanao fanambarana fa : "Fanafody mahery vaika ny fanantenana, amin'ny fampihetsehana ny vatana. Misy fiantraikany manan-danja ny fanantenana, eo amin'ny vatana sy ny saina ary ny fahasalamana ara-panahy.

Ny Dokotera mpitsabo manam-pahaizana manokana momba ny homamiadana iray, Jerome Groopman dia nampiray ny fanantenana sy ny fahasalamana ao amin'ny boky izay nosoratany mitondra ny lohateny hoe The Anatomy of Hope, "Manana fahiratan-tsaina, ny fanantenana dia manome hery antsika amin'ny fiatrehana ny zava-misy ary manome antsika ny fahafahana hihoitra amin'izy ireny. Tamin'ireo marary rehetra nandalo teo anatrehako: ny fanantenana, ny tena fanantenana marina dia voaporofo ho fanafody manana ny maha-izy azy tokoa."

Rehefa manao ny fanandraman'ny fomba fiaina tsaran'ny lanitra isika - "Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo." (1 Tes. 5:1-18) - dia mety hanampy antsika "mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie hianao, tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany." (3 Jao. 2).■



**DES CUMMINGS , JR.** FILOHA LEFITRY NY ASA FAMPANDROSOANA NY HOPITALY AO FLORIDA SY NY RAFITRA ADAVANTISTA MOMBA NY FAHASALAMANA ANY FLORIDA.

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Rehefa mijery ny fiainanao manokana ianao, inona ireo sakana 3 mijoro eo anelanelanao sy ny fananao toe-tsaina tsara? Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo "fanafody" telo voalaza eo amin'ity lahatsoratra ity manampy anao handresy azy ireny?

2. Amin'ireo toetra 3 voatanisa eo ambony, iza no hitanao fa moramora kokoa aminao ny mampihatra azy? Iza no mafy indrindra ? Inona no antony mahatonga anao hihevitra izany?

3. Ny fifaliana sy ny vavaka ary ny fankasitrahana dia voalaza fa manampy amin'ny fananana fahasalamana feno. Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ireny anao?



Alakamisy

# Manatratra ireo tanàn-dehibe

AFAKA MANAO MIHOATRA NOHO IZAY NERITRERETINTSIKA ISIKA

Nosoratan'i Delbert W. Baker

Misy tantara tsy zoviana amintsika intsony milaza tantaran'ny tovolahy iray izay mandeha eny amin'ny morontsiraka. Lavidavitra kely azy tazany fa misy lahiantitra iray tamy manatona azy.

Matetika no miondrika ilay lahiantitra, maka zavatra, ary manary izany any amin'ny ranomasina. Nahaliana ilay tovolahy ny fihetsik'ity lahiantitra ity ka nodinihany tsara ny fihetsika miverimberina nataony : miondrika izy, maka zavatra ary manary izany any an-dranomasina.

Rehefa tonga teo amin'ny elanelana nahafahan'izy ireo miresaka ilay lahiantitra dia nanontany azy ilay tovolahy ny amin'izay zavatra ataony. Nanazava ilay lahiantitra fa mamonjy ireo basiandolo (étoile de mer) voakipilin'ny onjan-drano izy amin'ny alalan'ny famerenany azy ireny any anaty rano.

Tsy nampino ilay tovolahy izany, ka hoy indray izy, "Fa nahoana ? Tsy misy antony tokony hanaovana izany intsony. Tsy afaka mamonjy intsony ireo basiandolo ianao ; asa be izany. Tsy afaka ny hanova na inona na inona ety ianao."

Tsy namaly intsony ilay lahiantitra fa niondrika izy, nandray basiandolo hafa, ary nanary izany any anaty rano. Dia niteny moramora izy nanao hoe, "Eny, naneho fahasamihafana ho an'iny basiandolo iny izany !"

Tsy afaka manao ny zavatra rehetra isika, fa afaka manao zavatra. Tsy afaka manova ity izao tontolo izao ity isika, fa afaka manova ny tontolo izay misy antsika. Izany no tian'i Jesôsy hataontsika ao anivon'ny tanàn-dehibe na fiaraha-monina izay misy antsika : maneho fahasamihafana ! Amin'ny fomba ahoana ? Amin'ny alalan'ny fanaovana zavatra "tsara", tahaka izay nataon'i Jesôsy : an-tsitra-po, amin'ny toe-tsaina tia mamoron-javatra, amim-pitiavana, tsy mijanona manao ny tsara mandrakariva.

## Ireo fomba entintsika manatona ny vahoaka

Nanao soa mandrakariva i Jesôsy teny amin'izay rehetra nisy azy teny. Ary satria tsy misy raiki-pohy tanteraka ahafahana manao fijoroana ho vavolombelona na mahazo fanahy, dia milaza ny Baiboly sy ny literatiora kristianina fa misy fomba fiasa isan-karazany azo ampiasaina rehefa manao fijoroana vavolombelona sy manao asa soa isika. Ireto misy vitsivitsy amin'izany :

*Antso atao amin'ny isam-batan'olona*, tahaka izay nataon'i Filipo araka izay hita

ao amin'ny Asa 8:26-40, na izay nataon'i Jesôsy ao amin'i Jaona 3:1-21 ;

*Fitantarana ataon'ny tena momba ny zavamisy,* tahaka izay nataon'i Sôlômôna ao amin'ny Ohabolana 7:6-27.

Fihaonana mivantana, tahaka izay nataon'i Stefana ao amin'ny Asa 7:1-51, sy izay nataon'i Jesôsy ao amin'ny Matio 15:3-9 ;

Fitoriana ny filazantsara, tahaka izay nataon'i Petera ao amin'ny Asa 3:12-26, na izay nampianarin'i Jesôsy ny 72 ao amin'ny Lioka 10: 1-22 ;

*Resaka atao amin'ny manam-pahaizana*, araka izay nataon'i Paoly ao amin'ny Asa 17:22-34, na izay nataon'i Jesôsy ao amin'ny Matio 22:29-32 ;

*Fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana*, tahaka izay nataon'ilay lehilahy jamba ao amin'ny Jaona 9:1-34 ;

*Fifanakalozan-kevitra,* tahaka izay nataon'i Andrea ao amin'ny Jaona 1:40-42, na ny resaka nifanaovan'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy samaritana ao amin'ny Jaona 4:1-26 ;

*Antso fanasana,* tahaka izay nataon'i Jesôsy ao amin'ny Lioka 5:26 ;

*Tolo-tànana/fahasalamana/fiarahamiasa,* tahaka izay nataon'ny naman'ilay lehilahy nararin'ny paralysisa ao amin'ny Marka 2:1-12, na izay nataon'i Jesôsy ao amin'I Jaona 13:1-20 ,

Asa fanehoana hery ivelan'ny herin'olombelona, tahaka izay nataon'ireo apôstôly ao amin'ny Asa 5:12-16, na izay nataon'i Jesôsy ao amin'ny Jaona 4:46-54

Ny teny maneho hetsika dia **«manao»**: manao zavatra, ary manao izany amin'izao fotoana izao. Araka Izay nosoratan'i Ellen White : *"Ny ilain'izao tontolo ankehitriny dia izay nilaina sivinjato sy arivo taona lasa izay, dia ny fanehoana an'i Kristy. Misy asa fanavaozana manontolo takian'ny toetr'andro, ary amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy ihany no mety ahavitana ny asa famerenana amin'ny laoniny ny ara-nofo, ny ara-tsaina ary ny ara-panahy." The Ministry of Healing, p. 143.2*

Lavidavitra dia mbola manoratra izao izy : *"Ny fomba fiasan'i Kristy ihany no hanome fahombiazana marina hahatratrana ny vahoaka. Nifangaro tamin'ny olona ny Mpamonjy toy ny anankiray izay nitady ny hahasoa azy ireo. Nasehony azy ny fangoraham-pony, nanompo teo amin'izay nilain'ireo Izy, ka nahazo ny fitokisany. Rehefa izany dia nibaiko azy Izy hoe : "Manaraha Ahy."*

## Fihaikana goavana

Volana vitsivitsy izao, ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito miisa 18 tapitrisa maneran-tany dia nomena fihaikana vaovao, asa lehibe fanatrarana ny any ivelany antsoina hoe Asa eny anivon'ny tanàn-dehibe. Ny mambra advantista tsirairay dia nantsoina hanao asa manokana hanatrarana ny mpiray vodirindrina aminy eny amin'ny fiarahamonina, eny amin'ny tanàn-dehibe, araka ny fomba tsotra izay nataon'i Kristy. Tsy anavahana na iza na iza ary an-tsitrapo ny antso. Ny mpino tsirairay dia afaka maneho ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny olona rehetra amin'ny alalan'ny fizaràna ny momba ny fanovana nisy teo amin'ny fiainana. Ny vaovao mahafalin'i Kristy ao amin'i Baiboly araka tontolonkevitry ny hafatry ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

Manaja ireo karazana fivavahana misy ny Advantista, kanefa mampiorina ny finoany amin'ny Baiboly. Kanefa, inoanay amin'ny fo fa ny hafatra Advantista, ny hafatry ny Anjely telo (Apôk. 14:6-12), no hafatr'Andriamanitra amin'izao fotoan' andro manan-daja iainantsika amin'ny tantaran'ny tany izao. Mino izahay fa niantso ny Advantista Andriamanitra hizara izao fahamarinana izao.

Tsy fahamarinana vaovao izy ity ; ninoana ary nampiharin'ny mpino tamimpinoana nandritra ny taona maro nifandimby izany, nanomboka tamin'ny Genesisy, ka hatramin'ny Apôkalipsy. Nantsoina ny Advantista mba hamerina ny olona amin'ny fahamarinana mandrakizay izay efa very, tsy fantatra, ary

niharan'ny fanafihana nandritra ny taona maro. Nantsoina ny Advantista *"hanangana ny efa rava ela"* ary *"hanangana sy "hanorina ny hatry ny fony fahagola".* (Isa. 58:12).

Koa inona no zavatra tsapanao raha mandray izao hafatra izao ianao manoloana ny asa fitoriana ataon'ny tena manokana ? Manontany tena va ianao hoe inona no mety ho fiovana avy amin'ny ezaka ataoko ? Ny mpino sasany dia liana tokoa mahita ny hasarotr'ity asa ity, ary mahatsapa firehetam-po, … fangitangitahana. Ny sasany indray, rehefa mibanjina ny fanoloran-tena izay takiana avy amin'izy ireo dia mitebiteby avy hatrany. Ho an'ny hafa ihany dia toa tsy ho azo eritreretina ny hanatanteraka izany asa hanatratra ny mponina maherin'ny 7.000 tapitrisa miaina eto amin'ity planetan-tany ity izany, koa dia lasa niraviravy tanana sy nalemy tanteraka.

Ny vaovao mahafaly dia azontsika atao ny mahita fahombiazana amin'ny fanatanterahana ny fihaikana fitoriana eny amin'ny fiaraha-monina misy antsika. Azontsika atao ny mandray anjara amin' ny fihaikana *Asa Fitoriana eny Anivon'ny* Tanàn-dehibe amin-kery sy fahavononana tanteraka. Manampy antsika amin'ity fihaikana fampiharana ny fomba fiasan'i Kristy ity,amin'ny fanatràrana ireo olona eny anivon'ny tanàn-dehibe, ny Apôstôly Paoly.

## Foto-kevitra

Ao amin'ny Asa 20:17-24 dia nanoratra foto-kevitra efatra tsotra i Paoly ho an'ny fahombiazan'ny fijoroana vavolombelona sy ny asa fitoriana ny filazantsara. Fintininy amin'ny teny tsotra ny fihetsika sy ny asan'ny mpanara-dia an'i Kristy izay te-hanao asa tsara.

Natombok'i Paoly tamin'ny fampahatsiahivana ny mpino ny fomba nataony tamin'ny asa fitoriana ny fanambaràna ny filazantsara sy ny famonjena fanahy. Notsindriany manokana ireo ohatra tsara alain-tahaka mahakasika ny fomba fiainany teo anivon'ireo mponina tao Efesôsy raha niasa tamin'izany toerana izany izy (andininy 18). Nambarany fa nanompo tamim-panetren-tena tanteraka izy ary tsy nataony hanohintohina ny asany velively ny fisian'ny fanoherana (andininy 19). Nampahatsiahiviny koa ireo karazana fomba fitoriana nampiasainy: nanomboka tamin'ny fitoriana mivantana teny anivon'ny vahoaka ka mitohy amin'ny isam-batan'olona, fampianarana amin'ny alalan'ny fitetezana tokantrano (andininy 20, 21). Avy eo dia nampirisika ireo mpino izy tamin'ny alalan'ny fanambarana manao hoe "terin'ny Fanahy Masina".Izany no ilazana ny hoe voatsindrin'ny Fanahy Masina hitory ny filazantsara ao amin'ny tanànan'i Jerosalema (andininy 22, 23).

Manatratra ny fara-tampony tamin'ny alalan'ny fanambarana fa tsy nahoany ny fahoriana sy ny fijaliana izay miandry azy. *"Tsy ataoko ho zavatra akory ny aiko"*. Nahoana ? " Ny hany tanjoko dia ny *mba hahavita ny alehako, dia ny fanompoana izay noraisiko tamin'i Jesôsy Tompo hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra."* (andininy 24). Mandroso hatrany i Paoly amin'ny fampahafantarana ireo fomba fiaina efatra nananany mba ho ohatra ho amin'ny fahombiazan'ireo mpanara-dia an'i Kristy.

*Ny Fanahy Masina no mpiara-miasa tamin'i Paoly.* Amin'ny Paoly dia ezaka iaraha-manao ny asa fitoriana ny filazantsara, fa tsy an'olon-tokana (andininy 22, 23). Ny Fanahy Masina, namany, dia mpanohana sy mpitarika azy.

*Nomena hery i Paoly handresy ireo sakana.* Nataony laharam-pahamehana mandrakariva ny adidiny na dia teo aza ny loza nitatao taminy (andininy 23). Nohazoniny hatrany izany toe-tsaina izany tamin'ny alalan'ny fifandraisany tamin'Ilay Mpiara-miasa taminy, ny fifantohany tamin'ilay antso lehibe, ary ny famerimberenany hatrany ny antony nanaovany ny asa sy ny asa izay ataony. Naverimberiny tao an-tsaina fa mila ny vaovao mahafaly izy

hatolony ity izao tontolo izao feno fahoriana ity.

*Nahazo tolo-tsaina tao anatin'ny fanoherana i Paoly.* Nibanjina ny mandrakizay izy, fa tsy amin'ny fiadanana mandalo (andininy 24). Fantatr'i Paoly fa misy tombontsoa mandrakariva ao anatin'ny fahoriana tsirairay.

*Fantatr'i Paoly fa manana tanjona ho amin'ny fiainany Andriamanitra.* Fantany fa raha tsy afaka hanatratra ny tanjon'ny hafa izy dia ho afaka kosa hanatratra ny azy. Nanatanteraka ny asa nankinina taminy i Paoly, ary fantany fa Andriamanitra no manao ny ambiny.

Hahita fahombiazana isika raha manana izany toe-tsaina izany : tsy kivy na dia eo aza ny fidadasiky ny asa, manao soa amin'ny toerana rehetra, amin'ny fotoana rehetra, ary matoky an'Andriamanitra ny amin'izay mety ho vokatra. Satria miasa eo anivon'ny mponina an-tapitrisany maneran-tany Andriamanitra, isika koa dia tokony hiasa eny amin'izay olona itondrany antsika eto amin'ity tany ity. Amin'izay, tahaka an'i Paoly, dia ho afaka hanatanteraka ny fihazakazahantsika sy ny asa fanompoana amim-pifaliana isika.■



**DELBERT W. BAKER**
FILOHA LEFITRA
FOIBE MANERAN-TANY.

# Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. "*Ary Jesôsy nandehandeha nanao soa.*" Raha fakafakaina ny momba io andalan-teny io dia inona no tiany holazaina raha adika amin'ny teny tsotra ho antsika izay mahita an'i Jesôsy ho môdely ?

2. Mitanisà fomba 10 ahafahana miresaka momba ny ara-panahy amin'ny olona i Jesôsy. Milaza fomba 2 na 3 heverina fa moramora kokoa aminao ny mampihatra azy. Amin'ny sehatra manao ahoana no ampiharanao azy ireny.

3. Milaza an'i Jesôsy sy i Paoly ho môdely ny mpanoratra. Iza amin'ireo voalaza ireo no hitanao fa metimety aminao kokoa ny fomba fiasany.



Zoma

# Manatratra izao tontolo izao

ADIDY MAFY, KANEFA TSY MIDIKA FA TSY AZO ATAO

Nosoratan'i Artur Stele

Manoloana ny iraka farany nomen'i Jesôsy ny mpianany (Mat. 28:18-20) dia mety hanontany tena isika ny amin'ny fomba atao na ny teknika entina manatanteraka ity adidy lehibe ity. Manoloana antsika ny fihaikana dia ny fanatrarana ny firenena sy ireo foko tsy mbola nandray ny hafatry ny filazantsara, miaraka amin'ny fihanaky ny "sécularisation" any amin'ny firenena tandrefana (Naoty: Io dia fivavahana amin'ny "tena" fa tsy amin' Andriamanitra, satria izy ireo dia tsy te hofehifehezin' izany resaka lalàna izany. Ny mpanaraka io firehan-kevitra io dia miezaka hanafoana ny fivavahana sy ny fitsipiny ary ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainany sy ny fiaraha-monina). Taona vitsivitsy lasa izay, ny firongatry ny karazana endrika fanompoantsampy maoderina dia nametraka fihaikana sy tombontsoa vaovao ho an'ny ezaka ataon'ireo mpitorintsika.

Noho izany, amin'ny fomba ahoana no ahafahanao manatratra izao tontolo izao ho an'i Jesôsy ? Manolotra ireo fomba fiasa sy teknika eo ambony ireo aho. Anisan'ny lehibe indrindra amin'ity dingana ity ny fahazoana mazava tsara ny iraka napetrak'i Jesôsy tamintsika. Ny Soratra Masina dia maneho fa nanana vinany amin' ny iraka nampanaovina Azy i Jesôsy. Ao amin' ny tontolon-kevitry ny fihaonany tamin'i Zakaiosy i Jesôsy dia nanao sary an'ohatra ary nanomboka nanazava tsara ny toetoetry ny iraka nampanaovina Azy. Ary satria natao ho antsika ihany koa ny iraka nampanaovina an'i Jesôsy, dia andeha hotarafina avy amin'ny alalan'ny fihaonan'i Jesôsy tamin'ilay lehilahy mpamory hetra izany.

## Ny iraka nampanaovina an'i Jesôsy

Ny tantaran'i Zakaiosy dia maneho ny momba ny iraka nampanaovina an'i Jesôsy. Nanana faniriana lalina ny hihaona amin'i Jesôsy ilay lehilahy mpamory hetra. Nety ho nihevitra ity farany fa i Jesôsy irery ihany no afaka hanome azy izay tsy azo vidina avy amin' ny alalan'ny vola. Koa dia nanomboka nitady hevitra hahitana an'i Jesôsy i Zakaiosy, kanefa tsy tiany ho tsikaritry ny olona izany. Tsy hahomby anefa ny fifangaroana amin'ny vahoaka sy ny hanandrana ny hijery an'i Jesôsy eny lavidavitra eny, satria karazan'irony olona fohy irony i Zakaiosy. Nanomboka nitady hevitra sy fomba hafa i Zakaiosy, nofantariny ny lalana nandalovan'i Jesôsy, nihazakazaka izy, ary nananika hazo aviavy iray. Tsy nahafantatra ny iraka nampanaovina an'i Jesôsy i Zakaiosy, ka nihevitra izy fa tena hevitra tsara tokoa ny fomba nataony hahitana an'i Jesôsy ary tsy ho tsikaritry ny rehetra.

Nihevitra i Zakaiosy fa izy no nitady ka nahita an'i Jesôsy. Kanefa ankehitriny, rehefa nahita an'i Jesôsy niandrandra nijery azy izy, naheno Azy nanonona ny anarany, dia nanomboka tsapany fa : *tsy izaho no nitady Azy, nijery*

*mba hahita an'i Jesôsy ; fa i Jesôsy no nijery ary nitady ahy.* Ary rehefa tonga teo amin'ny tandrifin'ny toerana nisy an'i Zakaiosy i Jesôsy, dia niandrandra ary nahita azy ka niteny taminy nanao hoe : *'Ry Zakaiosy, midina faingana ; fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio." (Lio.19:5).*

Inona tsara hoe no nolazainao, ry Jesôsy? Tsy maintsy mivahiny any amiko Ianao? Nahoana no "tsy maintsy"? Nahoana no izaho? Moa va mikasa ny hanasazy ahy Ianao nohon'ny ratsy nataoko? Inona no fikasanao? Inona no tena antony mahatonga Anao haniry hahita sy hamangy ahy?

Rehefa hitan'ny vahoaka fa namangy ny tokantranon'ilay lehilahy mpamory hetra i Jesôsy dia nanomboka nimenomenona izy ireo, nanao hoe: *"Lasa nandeha hiantrano amin'izay lehilahy mpanota Izy."* (andininy 7). Rehefa nifarana ny fotoana namangian'i Jesôsy dia nohazavainy mazava tsara ny antony nahatonga Azy "tsy maintsy" nivahiny tao an-tokantranon'i Zakaiosy. Tamin'ny alalan'ny fanambarana momba ny Iraka nampanaovina Azy no nanaovany izany. *"Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very. »* (andininy 10)

Hoy i Jesôsy, Miangavy anao Aho, raha te-hahafantatra ny momba ny Asako ianao, dia jereo amin'ny alalan'ny fahazavan'ny Iraka nampanaovina Ahy, ny antony nahatongavako tetỳ ary ny asa fanompoana nataoko izany : *"Tonga hitady sy hamonjy Aho, fa tsy hitady mba hanasazy."*

## Ny iraka ankinina amintsika

Anio i Jesôsy dia manasa ireo mpanara-dia Azy mba hijery ny momba ny tenan'izy ireo amin'ny alalan'ny Iraka nankinina Azy. Mitady mpiara-miasa Aminy Izy, ireo izay vonona hanao ho azy ireo ny Iraka nankinina taminy. Izany no faniriana lalina am-pon'ny Mpamonjy dia ny hahatonga ahy sy ianao hanao ho zava-misy izany iraka nankinina Taminy izany. Mety ho manao ahoana re fiangonantsika amin'izao fotoana izao raha mba samy manana iraka manokana avokoa ny mambra tsirairay? Mety ho inona no zavatra tsapan'ireo tanorantsika?

Indrisy anefa fa be ireo tanora maha- tsapa fa matetika dia ireo olon-dehibe ao am-piangonana ihany no mandray am-po ny iraka – dia ny fitadiavana sy ny fampidirana ireo any ivelany, fa tsy ny firesahana mahakasika ny famonjena sy ny fitiavana ary ny fikarakarana ny hafa tahaka izay nataon'i Jesôsy. Raha atao indray mijery ny antontan'isan'ny fihazonana mambra eo anivon'ny fiangonantsika, dia tsy isalasalana fa tena misy zavatra mila fanovana tokoa. Mila fanavaozana isika izay hitarika antsika eo amin'i Jesôsy ho fanatanterahana ny iraka.

Tamin'ny toerana rehetra nanaovany ny asa fanompoany, dia nohamafisin'i Jesôsy hatrany ny maha-zava-dehibe ny fitiavana, ny famelankeloka ary ny fiahiana. Izany no antony nahatonga Azy tsy menatra velively nifangaro tamin' ireo voailikilika sy noheverin'ny fiaraha-monina fa mpanota. Izany no antony nandaozany ny vahoaka izay nanaraka Azy, ka namangiany an'i Zakaiosy mpamory hetra. Mahaliana dia mahaliana ihany koa ny fahitana fa ny filazantsaran'i Lioka dia tsy nahitana fanakianana na fanamelohana na dia kely aza, fony i Jesôsy tao an-tranon'i Zakaiosy mpanota. Nizara ny fitiavany sy ny fanekeny fotsiny i Jesôsy.

Rehefa nijery an'i Jesôsy i Zakaiosy dia tsapany fa "tsy nanana prôgrama afa-tsy ny hanampy ahy sy ny hamonjy ahy i Jesôsy !" Tsy hoe nanova ny fon'i Zakaiosy ihany izany fitiavan'i Kristy izany, fa nitondra azy koa tamin'ny fanavaozana ny fiainany ho amin'ny fanovan'Andriamanitra.

Izao no nosoratan'i Ellen White : *"Tonga mba hitondra famonjena sahaza ho an'ny rehetra i Kristy. Teo amin'ny hazo fijalian'i Kalvary no nandoavany ny sandan'ny fanavotana ny tontolo very. Ny fandavany ny tenany, ny fanaovany sorona ny tenany, ny asa feno fahafoizan-tena nataony, ny fanetren-tenany, ary ambonin'izany rehetra izany, ny nanolorany ny ainy, dia nanaporofo ny halalin'ny fitiavany ny olona lavo. Ny hitady sy hamonjy ny very no antony nahatongavany teto an-tany. Ny iraka nankinina taminy dia ho an'ny mpanota, mpanota amin'ny ambaratonga rehetra, amin'ny fiteny rehetra, ary amin'ny firenena rehetra. Naloany ny sandany ho an'ny rehetra, ho vidin'ny fahotany sy mba hahatonga azy ireo ho amin'ny fampiraisana sy ny fiombonana Aminy. Izay diso indrindra, ity be fahotana indrindra dia tsy nandalovany fotsiny. Ny asa nahatongavany dia ho an'ireo izay mila indrindra ny fanavotana izay nentiny tetỳ ambonin'ny tany. Arakaraka ny filan'izy ireo fanavaozana no mahalalina indrindra ny fahalianan'ny Tompo ny momba azy ireo, no mahalehibe indrindra ny fiombonany amin'izay mahazo azy ireo, ary maha-hentitra ny asa izay*

*ataony. Noho ny haben'ny fitiavany dia tena tohina tokoa Izymahita ireo izay miaina tsy manana fanantenana ary tena mila tokoa ny fahasoavany manova." Testimoinies for the Church (Mountain Vieuw, Calif. Pacific Press Pub. Assb 1943, p. 603)*

Ny fiainan'i Kristy dia naneho mazava fa ny fiovana eo amin'ny fiainana dia azo atao ho zava-misy amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fiahiana, mihoatra noho ny fananarana, fampifanatrehana na fanakianana. Araka izay ampahatsiahivan'i Ellen White azy: *"Tsy maintsy mifanehitra sy miharitra tsy fahatanterahana eny anivon' ny tanora sy ireo tsy manana fanandramana isika. Miantso antsika i Kristy mba hitady izay hamerenana azy ireny amim-pahalemem- panahy, ary tazoniny ho tompon'andraikitra isika ny amin'ny ezaka izay ataontsika izay hitarika azy ireny ho amin'ny fahakiviana, famoizam-po, ary fahapotehana tanteraka. Raha tsy kolokolointsika isan'andro ny voan'ny fitiavana dia tandidomin-doza isika ho tonga tery saina, mpanakiana, hihevitra ny tenan- tsika ho marina kanefa lavitry ny faneken' Andriamanitra." Testimoinies for the Church (Mountain Vieuw, Calif. Pacific Press Pub. Assb 1943, p. 605)*

Fiangonana mafana, manam-pitiavana, miahy no toerana ahatsapan'ny vahoaka fanekena amin'ny lafiny rehetra. Ny toerana toy izany no tian'ny olona hidirana, ary tiany ny hitondrana ny namany sy ireo mpiray vodirindrina aminy. Ary fanampin'izany rehetra izany, raha manampitiavana ny mambra tsirairay. Ny olona toa an'i Kristy dia ivon'ny hery miasa mangina velona sy mandeha ho an'i Kristy sy ny fanjakany.

Tsy nanome ny ainy fotsiny ihany ho an'ny mpanota i Jesôsy – fa niasa koa teo amin'ireo manodidina Azy, nahafantatra ny filan'izy ireo ara-nofo, ara-tsaina, ara-pihetseham-po, ary arapanahy. Nandany fotoana maro tokoa Izy tamin'ny fikarakarana sy ny fanasitranana ny vahoaka. Eny, ny fara-tampon'ny tanjona izay nananany dia ny hamonjy azy ireny, ny hanome azy ireny ny fiainana mandrakizay. Kanefa fantatr'i Jesôsy fa ny famonjena dia ekena raha avy amin'ny olona manam-pitiavana, tia mikarakara ny hafa ary mahafantatra ny filan- tsika.

## Adidintsika

Aoka tsy hohadinointsika velively ny iraka nankinina tamin'i Kristy. Enga anie ka ho antsika koa izany iraka izany. Raha tena raisintsika am-po ny fanatràrana ity izao tontolo izao ity ho an'i Kristy, dia tsy maintsy manaraka ny ohatra izay nomen'i Kristy isika.

Mila manam-pitiavana misimisy kokoa ny hafa isika; fitiavana misimisy kokoa an'ireo very; fitiavana misimisy kokoa ny tanora; fitiavana misimisy kokoa an'ireo mpiray vodirindrina amintsika; fitiavana misimisy kokoa an'ireo izay mbola tsy mahalala an'i Kristy; fitiavana misimisy kokoa an'Andriamanitra; fitiavana misimisy kokoa ny Teniny; fitiavana misimisy kokoa ary fanekena ny Iraka nankinina Taminy.

Ny olona izay manao ny fanandraman'ny fitiavan'i Kristy dia tsy maintsy tia ny hafa sy mijoro vavolombelona amin'izy ireny. Andeha hangataka amin'i Kristy isika mba hahatonga ny iraka nankinina Taminy ho antsika koa. Nomeny antsika rahateo ny Teny Fikasany fa hiaraka amintsika mandrakariva Izy ambara-pahatongan'ny fahateperan'izao rehetra izao, ary homba ny ezaka izay ataontsika ho amin'ilay fotoampinjinany be voninahitra. "*Fa efa tonga ny Zanak' olona hitady sy hamonjy ny very." - Lioka 19:10.*■



**ART UR STELE,**
FILOHA LEFITRA/ FOIBE MANERAN-TANY SADY TALEN'NY IVON-TOERAM-PIKAROHANA MOMBA NY BAIBOLY.

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Azonao fintinina amina teny tokana ve ny iraka nankinina tamin'i Kristy ? Inona izany ?

2. Fantatra tamin'ny naha-tsy mpiampanga Azy i Jesôsy. Azo lazaina ho toy izany koa ve izany ireo mpanaraka azy amin'izao vanim-potoana izao ? Nahoana no afaka manao izany isika ?

3. Mahafantatra olona iray namaly ny fitiavan'Andriamanitra va ianao ka nanao ny fanandraman'ny famonjena vokatry ny fifampikasohana tamin'ireo mpanara-dia Azy be fitiavana ? Ampahatsiahivo fohy ny amin'izany.



Sabata faharoa

# Manaraka ny fomba fiasan' i Kristy

## Nosoratan'i Ellen G. White

Fony i Kristy naniraka voalohany ny mpianatra roa ambin'ny folo lahy mba hanao asa fitoriana, dia nibaiko azy Izy nanao hoe: *«Ary raha mandeha hianareo, dia mitoria hoe: 'Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonina; efa nahazo maimaimpoana hianareo, koa manomeza maimaimpoana.» - Mat. 10:7,8.*

Ny fanomezana ny filazantsara ho an'izao tontolo izao no asa atolotr'Andriamanitra an'ireo izay mitondra ny anarany. Ny filazantsara no hany fanafody asetry ny fahotan'ny tany sy ny fahoriana. Hampahafantatra amin'ny olombelona rehetra ny hafatry ny fahasoavan'Andriamanitra no andraikitra voalohany mipetraka amin'ireo izay mahalala ny heriny mahasitrana.

Ny ilain'izao tontolo izao ankehitriny dia izay nilaina sivinjato sy arivo taona lasa izay, dia ny fanehoana an'i Kristy. Misy asa fanavaozana manontolo takin'ny toetr'andro, ary amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy ihany no mety hahavitana ny asa famerenana amin'ny laoniny ny ara-nofo sy ny ara-tsaina ary ny ara-panahy.

## Ny fanalahidin'ny tena fahombiazana

Ny fomba fiasan'i Kristy ihany no hanome fahombiazana marina hahatrarana ny vahoaka. Nifangaro tamin'ny olona ny Mpamonjy toy ny anankiray izay nitady ny hahasoa azy ireo. Nasehony azy ny fangoraham-pony, nanompo teo amin'izay nilain'ireo Izy, ka nahazo ny fitokisany. Rehefa izany dia nibaiko azy Izy hoe: "Manaraha Ahy."

Ilaina ny hanatonana akaiky ny olona amin'ny alalan'ny fiezahana ataon'ny tena mihitsy. Ho bebe kokoa ny vokatra azo raha ahena ny fotoana laniana amin'ny fitorian-teny fa ampitomboina kosa ny fotoana atokana hanaovana asa mivantana. Tsy maintsy vonjena ny mahantra, karakaraina ny marary, ampaherezina ny malahelo sy ny fadiranovana, ampianarina ny kely fahalalana, toroan-kevitra ny tsy ampy fanandramana. Tokony hitomany miaraka amin'ireo izay mitomany isika, ary faly miaraka amin'izay mifaly. Raha ampian'ny hery mandresy lahatra izany, sy ny fivavahana, ary ny an'ny fitiavan'Andriamanitra, dia tsy maintsy hitondra vokatra ary tsy afaka ny tsy hitondra vokatra izany asa izany.

Saika eo amin'ny tany ama-monina rehetra dia misy olona betsaka izay tsy mbola nitoriana na oviana na oviana ny

Tenin'Andriamanitra na nanatrika fanompoam-pivavahana na taiza na taiza. Raha tiana ho tratry ny filazantsara izy ireny, dia tsy maintsy hoentina any an-tokantranony izany. Matetika ny fanamaivanana izay ilainy eo amin'ny ara-nofo no hany lalana ahazoana manatona azy.

Betsaka no tsy mino an'Andriamanitra intsony ary very toky ny amin'ny olombelona, nefa mankasitraka ny asa maneho firaisam-po sy fahavononan-kanampy aseho aminy. Raha mahita olona iray tsy mitady laza na setriny avy eto an-tany izy ireny, miditra ao an-tokantranony, mikarakara ny marary, manome hanina ny noana, manafy ny mitanjaka, mampionona ny malahelo, ary mitaona azy rehetra hibanjina an'Ilay feno fitiavana sy fangoraham-po, dia ho voatohina ny fony. Hipololotra ny fankasitrahana. Hamelona finoana izany. Hitany fa mikarakara azy Andriamanitra, ary vonon-kihaino izy ireo rehefa sokafana ny Teniny;

Ombieny ombieny dia misy fironana hanolo toerana ny fiezahana ataon'ny tsirairay amin'ny asa itambarana ankehitriny. Tian'ny olona ny fampivondronana amin'ny toerana iray, ny fanorenana trano fiangonana miezinezina sy orin'asa goavana sy matanjaka. Dia avelan'ny maro hosahanin'ireny ny asa fanaovantsoa; ka manala tsiny ny tenany izy tsy hifampikasoka amin'izao tontolo izao, ary indro fa mihamangatsiaka ny fony. Manjary variana amin'ny tenany samirery izy ka tsy mba mangoraka ny hafa intsony. Maty tsy ao amin'ny fanahiny ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny olona.

## Ho an'ny tsirairay, asa ataon'ny tena manokana


Ny asa ankinin'i Kristy amin'ny mpanaraka Azy dia asa voafaritra ataon'ny tena manokana, asa izay tsy azo ampanaovina olon-kafa nomena alalana manokana hanao izany ho solon'ny tena. Ny fanomezana ny marary sy ny mahantra izay ilainy, ny fitondrana ny filazantsara ho an'ny very, dia tsy azo avela ho an'ny kômity na ny fikambanana mpanao asa soa. Andraikitra raisin'ny tena manokana io, fiezahana ataon'ny tena manokana, fahafoizan-tena ataon'ny tena manokana. Izany no zavatra takin'ny filazantsara.

*"Mandehana any amin'ny lalam-be sy ny sisin-dàlana,* ary tereo ny olona hiditra." Hoy ny baikon'i Kristy, *"mba ho feno ny tranoko".* Entiny ny olona hifandray amin'ireo izay tiany hasiana soa, hoy Izy: *"Ampiantranoy ny ory manjenjena"*, hoy Izy: *"Tafio izay hitano mitanjaka", "hametra-tànana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny."* Lio. 14:23; Isa. 58:7; Mar. 16:18. Amin'ny alalan'ny fifandraisana ataon'ny tena manokana, no hany fomba hampitana ny fitahian'ny filazantsara.

Ny fiangonan'i Kristy dia nalamina mba hanompo. Ny tena baikony dia fanompoana. Miaramila ny mambra ao aminy izay hozarina amin'ny ady eo ambany fitarihan'Ilay Kapitenin'ny famonjena. Ny pastora kristianina, ny dokotera, ny mpampianatra, dia manana asa makadiry kokoa hatao noho izay heverin'ny maro. Tsy tokony hitory fotsiny amin'ny olona izy, fa tokony hampianatra azy hitory koa. Tsy tokony hanolotra fotsiny ny fampianarana momba ny foto-kevitra marina izy, fa tokony hanabe koa ny mpihaino azy hizara ireo foto-kevitra ireo. Ny fahamarinana izay tsy ivelomana, izay tsy zaraina, dia very ny heriny manome aina, ny heriny manasitrana. Tsy voatana ny fitahiana entiny raha tsy zaraina.

## Ny mambra tsirairay mirotsaka an-tsehatra ary nandray fanofanana

Ny mambra tsirairay amin'ny fiangonana dia tokony hiditra amin'ny sehatra iray eo amin'ny asan'ny Tompo. Misy tsy afaka manao betsaka tahaka ny hafa, nefa ny tsirairay dia tokony hanao izay fara heriny hanosehana ny riak'aretina sy ny fahoriana izay mipaoka an'ity izao tontolo izaontsika ity.



Betsaka no ho vonona hiasa raha ampianarina azy ny fomba hanombohana. Mila ampianarina sy ampaherezina izy.

Ny fiangonana tsirairay dia tokony ho sekoly fanazarana ho an'ny mpiasa kristianina. Tokony hampianarina ny mambra ao aminy hanao fampianarana Baiboly, hitarika Sekoly Sabata sy hampianatra, hanampy ny mahantra amin'ny fomba tsara indrindra sy hikarakara ny marary, hiasa ho an'ny tsy voaova fo. Tokony hisy sekoly fampianarana momba ny fahasalamana sy fampianarana momba ny fandrahoan-kanina, ary kilasy amin'ny lafiny hafa koa eo amin'ny asa fanampiana isan-karazany ataon'ny Kristianina. Tsy tokony hisy fampianarana fotsiny, fa tena hisy asa atao marina tarihin'ny mpampianatra efa za-draharaha. Aoka ny mpampianatra hitari-dalana amin'ny asa ataony ho an'ny sahirana, ary ny hafa, dia hianatra amin'ny ohatra omeny. Ny ohatra iray dia misy vidiny noho ny foto-kevitra maro.

## Miasa ho an'ny hafa ankehitriny

Tsy misy mampientana zotom-po mitarika fahafoizan-tena sy hampitombo ary hampahery ny toetra amam-panahy toy ny mirotsaka hiasa ho an'ny hafa. Betsaka ireo izay milaza ny tenany ho Kristianina, no tsy mihevitra afa-tsy ny tenany ihany, eo amin'ny fitadiavany hilatsaka ho anisan'ny fiangonana. Tiany ny handray tombontsoa amin'ny fiarahana amin'ny fiangonana sy amin'ny fikarakaran'ny mpitandrina. Manjary mambra ao amin'ny fiangonana lehibe sy mandroso izy, ary afa-po amin'izay kely ataony ho an'ny hafa. Amin'izany fomba izany dia misakana fitahiana sarobidy tsy ho an'ny tenany izy. Betsaka no handray tombontsoa lehibe amin'ny famoizana ireo fikambanana mahafinaritra sy moramora arahina ka handeha eo amin'ny toerana izay liana ny heriny eo amin'ny asa kristianina sy ahazoany mianatra mitondra andraikitra.

Nefa aoka isika tsy hiandry ny ho antsoina ho any an-tany lavitra vao hanomboka hanampy ny hafa. Midanadana ny varavaran'ny fanompoana hatraiza hatraiza. Mila ny fanampiantsika ny manodidina antsika rehetra. Ny mpitondra tena, ny kamboty, ny marary, sy ny eo ambavahoana, ny marary fo, ny kivy, ny bado ary ireo resy tosika hatraiza hatraiza.

Tokony ho tsapantsika fa adidintsika manokana ny miasa ho an'ireo izay mipetraka manodidina antsika. Diniho izay fomba ahazoanao manampy indrindra ireo izay tsy miraharaha ny ara-pivavahana. Raha mamangy ny sakaizanao sy ny mpifanolo-bodirindrina aminao ianao, dia asehoy fa mihevitra izay mahasoa azy ianao na ara-panahy na ara-nofo. Resaho aminy i Kristy amin'ny maha-Mpamonjy

mpamela heloka Azy. Antsoy ao an-tokantranonao ny mpifanolo-bodirindrina aminao, ary miaraha mamaky aminy ny Baiboly sarobidy sy ireo boky izay manazava ny fahamarinana. Antsoy izy hiaraka mihira sy mivavaka aminao. Amin'ny fitoriana kely toy izany, dia hanatrika eo i Kristy araka ny nampanantenainy, ary ho voatohin'ny fahasoavany ny fo.

Tokony hampianarina ny mambra ao amin'ny fiangonana hanao io asa io. Zava-dehibe tahaka ny mamonjy ny fanahy mbola maizina an-tany lavitra izany. Raha misy ny sasany mahare ny antso ho any lavitra any, aoka ny maro kosa izay ao an-tanindrazana hahatsapa ny vesatr'ireo fanahy manodidina azy ary hiasa amim-kafanam-po koa ho amin'ny famonjena ireny.

## Manararaotra ny tombontsoa misy ankehitriny

Aoka tsy havela handalo fotsiny ka tsy anaovan-tsoa ny toe-javatra madinidinika fanararaotra fa hiandry foana ireo lehibe. Mety hahita fahombiazana ianao eo amin'ny fanaovana asa kely, nefa tsy mahomby mihitsy amin'ny fanandramana asa lehibe kokoa, ka ho latsaka amin'ny fahakiviana. Ny fanaovanao amin'ny herinao izay hitanao fa tokony hatao no hampitomboanao ny fahaizanao manao asa lehibe kokoa. Ny fandosirana ireo fotoana mety isan'andro, ny fanaovana antsirambina ny zava-madinika takatry ny tananao no mahatonga anao tsy hitondra vokatra sy ho maina.

Aza miankina amin'ny fanampian'olombelona. Aleo mijery an-koatra ny olombelona, dia Ilay notendren'Andriamanitra hitondra ny alahelontsika, hizaka ny fahoriantsika, ary hanome izay ilaintsika. Tazony amin'ny teniny Andriamanitra ary manomboha na aiza na aiza ahitanao asa hatao ka mandrosoa amin'ny finoana tsy azo hozongozonina. Ny finoana ny fanatrehan'i Kristy no manome hery anao sy hahatonga anao hahafahatra tsara. Miasa amin'ny fitiavana, tsy mitady ny azy, amin'ny fiezahana mafy indrindra, amin'ny faherezana sy ny hery.

## Solontenan'i Jesôsy

Tsarovy amin'ny asanao rehetra fa mifamatotra amin'i Kristy ianao ary lafiny iray eo amin'ny drafitra lehibe momba ny fanavotana izany. Ny fitiavan'i Kristy dia tokony ho hita taratra eo amin'ny fiainanao manontolo, ka hiely hanome fanasitranana sy fiainana. Raha miezaka hitarika ny hafa hiditra ao amin'ny faritry ny fitiavany ianao, dia aoka ho vavolombelon'ny fahasoavany ny fahadiovan'ny fiteninao, ny fanompoana tsy misy fitiavan-tena ataonao, ny fifaliana eo amin'ny fitondran-tenanao. Asehoy amin'izao tontolo izao izy eo amin'ny fahadiovana sy ny fahamarinana feno indrindra mba hibanjinan'ny olona Azy eo amin'ny hatsaran-tarehiny.

Asandrato i Jesôsy, ka lazao mafy hoe: *"Indro ny Zanak'ondrian'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao." - Jao. 1:29.* Izy irery no afaka hampitony ny fanirian'ny fo sy hanome fiadanana ho an'ny fanahy.

Hatramin'ireo taona mifandimby dia efa nizaka ny Tompo hamohafoha ao amin'ny fanahin'ny olona ny firahalahiana masina. Miaraha miasa Aminy. Mameno an'izao tontolo izao ny tsy fahatokiana sy ny fankahalana, fa ny mpianatr'i Kristy kosa dia tokony hampiseho ny toe-tsaina izay manjaka any an-danitra.

Mitenena amin'ny fomba nitenenany, miasà amin'ny fomba niasany. Asehoy mandrakariva ny fahatsaran'ny toetra amam-panahiny. Asehoy ny haren'ny fahasoavana izay fototry ny fampianarana rehetra sy ny fifandraisany rehetra tamin'ny olona. Ny mpiasa tsotra indrindra, miara-miasa amin'i Kristy dia afaka mikitika tadin-dokanga izay hamoaka feo hanakoako hatrany amin'ny faran'ny tany sy feo izay hitambatra ho feon-kira mandritra ny mandrakizay.

Miandry fiaraha-miasa amin'ny olom-

belona ireo anjelin'ny lanitra, mba hahazoany maneho amin'izao tontolo izao ny mety ho toetry ny olombelona, sy ny mety ho vitany, noho ny firaisany amin' Andriamanitra, ho amin'ny famonjena ny fanahy izay mila ho faty. Tsy misy fetrany ny soa mety ho vitan'ny olona iray, izay manadino ny tenany, ka manome malalaka ny Fanahy Masina hiasa amin'ny fony sy ny fiainany voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra. Izay rehetra manokana ny tenany sy ny fanahiny ary ny sainy ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra dia handray mandrakariva fanomezana vaovao amin' ny hery ara-nofo sy ara-tsaina ary ara-panahy. Mibaiko ireo tahirin'ny lanitra tsy mety ritra izy ireo. Manome azy ny fofonain'ny Fanahiny mihitsy i Kristy, dia ny ain'ny fiainany mihitsy. Mampiasa ny heriny ambony indrindra ny Fanahy Masina mba hiasa eo amin'ny saina sy ny fo. Amin'ny alalan'ny fahasoavana nomena antsika dia azontsika atao ny mahatanteraka fandresena izay toa tsy ho tanteraka noho ny fiheverandiso ao amintsika izay mibahana ao an-tsaina, noho ny tsy fahombiazan'ny toetra amam-panahy, noho ny fahakelezan'ny finoana.

Izay rehetra manolo-tena ho amin'ny fanompoana ny Tompo, ka tsy mitana na inona na inona ho an'ny tenany, dia homena hery hahatrarany vokatra tsy misy fetra. Hanao zava-dehibe ho an'ireo Andriamanitra. Hiasa amin'ny sain'ny olona indrindra Izy ka, na dia eto amin'ity izao tontolo izao ity aza, dia ho hita eo amin'ny fiainany ny fahatanterahan'ny teny fikasana momba izay ho toetrany amin'ny hoavy.■



LAHATSORATRA NOTSONGAINA AVY AMIN'NY BOKY «THE MINISTRY OF HEALING» (MOUNTAIN VIEW, CALIF.: PACIFIC PRESS PUB. ASSN.,1905), tt.139-160. MINO NY FIANGONANA ADVANTISTA MITANDRINA NY ANDRO FAHAFITO FA I **EGW** (1827-1917) DIA NAMPIASA NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN' NY FAMINANIANA ARA-BAIBOLY NANDRITRA NY 70 TAONA MAHERY

## Fampieritreretana sy fifampizaràna

1. Hatraiza ny fetran'ny hoe «mifangaro» amin'ny hafa izay mitady ny tombontsoany? Aiza no hasianao fefy?

2. Ahoana no ahalalan'ny mpifanolobodirindrina aminao anao? Inona no fantatr'izy ireo momba ny finoanao?

3. Maha-te ho tia ny toetran'i Jesôsy. Amin'ny fomba ahoana no hahatonga izany ho hitan'ny manodidina taratra eo aminao? Mitanisà fomba telo fara fahakeliny.